# *NY FITSARANA*

Ho an'ny famakiana ny Soratra, izao tolakandro izao, avy ao amin'ny Bokin'i Marka, ny toko faha-16-n'ny Marka. Ary tiako ianareo hitsangana, miaraka amin'ny Baibolinareo, raha mamaky ny Tenin'Andriamanitra isika. Marka 16, manomboka amin'ny andininy faha-9.

> *Ankehitriny rehefa nitsangana tamin'ny marainan'ny andro voalohany amin'ny herinandro Jesosy, dia niseho voalohany* tamin'i *Maria Magdalena izy, izay nandroahany demonia fito.*
>
> *Dia nandeha izy ka nilaza tamin'izay niaraka taminy, raha nisaona sy nitomany izy ireo.*
>
> *Ary izy ireo, rehefa nandre izy ireo fa velona izy, ary efa hitany, dia tsy nino.*
>
> *Taorian'izany izy dia niseho* tamin'ny endrika hafa, an'ny roa . . . (Mamelà ahy.)
>
> *Taorian'izany izy dia niseho tamin'ny endrika hafa tamin'ny roa tamin'izy ireo, raha nandeha izy ireo, ka lasa nankany an-tsaha.*
>
> *Dia lasa izy ireo niteny an'izany tamin'ny namany: tsy nino koa izy ireo . . .*
>
> Avy eo, *dia niseho tamin'ny iraika ambin'ny folo lahy izy raha nipetraka nihinana izy ireo, ka nanome tsiny azy ireo nohon'ny tsi-finoany sy ny hamafin'ny fony, satria tsy nino an'ireo izay efa nahita azy izy ireo rehefa nitsangana izy.*

2 Tsy sary iray ve izany androany! Tsy mino izy ireo fa vavolombelona iray toy izany ianareo.

> *Ary hoy izy tamin'izy ireo, Mandehana ianareo any amin'izao tontolo rehetra izao, ka mitoria ny filazantsara amin'ny olombelona rehetra.*
>
> *Izay mino sy atao batisa no hovonjena; fa izay tsy mino dia hohelohina.*

3 Manao an'ilay tsipika fotsiny izany, ny andaniny iray na ilay hafa.

> *Ary izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino; Handroaka devoly amin'ny anarako izy ireo; hiteny amin'ny fiteny vaovao izy ireo;*
>
> *handray menarana izy ireo; ary raha misotro zava-mahafaty izy ireo, dia tsy hampaninona azy ireo izany; hametraka* ny *tànany eo amin'ny marary izy ireo, . . . ho sitrana ireny.*

*Koa noho izany rehefa avy niteny tamin'izy ireo ny Tompo, dia nampiakarina ho any an-danitra izy, ka nipetraka teo ankavanan'Andriamanitra.*

*Dia nivoaka izy ireo, . . .* nitory teny *hatraiza hatraiza, ny Tompo niara-niasa tamin'izy ireo, . . . nanamarina ny teny tamin'ireo famantarana nanaraka. Amena.*

Ndao isika hanondrika ny lohantsika.

4 Tompo, mino izahay fa ity no fanirahana farany ho an'ny fiangonana. Mino izahay fa ny Teny dia tonga nofo ary nonina teo anivonay. Ary mino izahay fa tsy tsaratsara kokoa noho ny teniny ny olona iray, noho izany dia mino izahay fa Ianao ity Teny ity. Ary mino izahay fa Ianao izany, izay, ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Avia, androany, O Andriamanitra Ray, amin'ny endriky ny Teny, eto aminay, ary aoka ny olona hahita fa Ianao no Kristy nitsangana, ary nitsangana amin'ity andro farany ity, amin'ny endrika izay Nolazainao fa hisy Anao, ilay Teny voaseho. Fony teto an-tany Ianao, dia Ianao no ilay Teny naminaniana, voaseho tao amin'ny endrik'olombelona. Ary ny Teny dia naminaniana ho an'izao andro izao. Avia, Tompo Jesosy, ka ento ho anay Izany, androany, ny Teny. Ataovy ny Fandikanao ny Teny, mba ahafahanay hanana "fifaliana tsy hay lazaina, sy feno voninahitra." Hany ka hitanay fa faly Ianao, ary hitanay fa marina sy voamarina ao am-ponay Ireo Teninao, hoe efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana izahay.

5 Izahay rehetra izay naterak'ilay hazo anankiray tao amin'ny sahan'i Edena, izay voarara tsy hokasihina, ilay vehivavy, satria tsy misy aina ao anatiny; atody iray fotsiny izy. Ny aina dia avy amin'ilay Lehilahy, dia Kristy. Ary natera-behivavy izahay, ary, araka ny tenenin'ny Baiboly aminay hoe, "vitsy andro, sady feno alahelo sy fahoriana."

6 Ray, naterak'ilay mpanome-Aina ihany koa izahay, avy tamin'ilay Lehilahy. Ny lahy no manatona ny vavy, ary ny tsimoka dia avy amin'ny lahy; tahaka ny nanalofan'Ny Fanahinao an'ilay virijiny, ka noforonina tao an-kibony ilay selan-dRà; ilay selan-dRà, tsy Jiosy, tsy Jentilisa, fa Andriamanitra, Rà noforonina. Ao amin'io Rà io, no anananay ny fanantenanay. Tsy avy tamin'ny vehivavy iray izany, na avy tamin'ny lehilahy iray; avy amin'Andriamanitra izany.

7 Noho izany dia mivavaka izahay androany, Tompo, satria mahita ny tenanay mpandray anjara amin'ilay hazo-vehivavy izahay, ary tsy maintsy maty izahay rehetra satria tsy misy aina ao amin'ny vehivavy, ankehitriny koa, Ray, efa nomena anay ny tombontsoa handray anjara amin'ilay Hazo-Lehilahy, dia i Kristy. Ary ankehitriny, amin'ny Alàlany, dia manana Fiainana izahay, Fiainana, ny Teny, tonga Fiainana eo anivonay. Ekeo, Tompo, mba ho lasa tena zava-misy amin'ilay Fiangonana ireo

zavatra ireo, mba hahita izy ireo, ka ho azonay ilay ora izay iainanay.

8 Sitrano ny marary sy ny ory. Enga anie tsy hisy olona iray malemy eto anivonay, izao tolakandro izao, rehefa mifarana ity fotoana ity. Enga anie ka ho tsaroana ela eny anivon'ny olona izany! Enga anie ireo Mpanomponao, ireo—ireo pasitera, ireo mpiandry ondry, enga anie izy ireo ho tena voatsindrimandry mihitsy hany ka ho voaova ny fiangonan'izy ireo ary fivoriana lehibe no hiseho, sy hanomboka fifohazana iray amin'ny fanao fahiny eto amin'ity tanàna ity mihitsy, eo anivon'izy ireo, izay hitety fanjakana sy firenena, ary na dia manerana an'izao tontolo izao aza. Ekeo izany, Tompo. Ianao no mihazona an'ireo fanalahidin'ity vavaka ity eo an-Tànanao. Ampio izahay, mivavaka izahay, amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

Afaka mipetraka ianareo.

9 Tsy maintsy hitondra fitsarana eto ambonin'ny tany Andriamanitra. Ary Andriamanitra dia tsy maintsy manana zavatra iray eto, fenitra iray, hitsarana an'izao tontolo izao, satria tsy ho marina, amin'Andriamanitra, ny hitsara an'izao tontolo izao, nefa izao tontolo izao tsy mahafantatra fenitra handehanana. Firy no mino fa marina izany? Raha ny fiangonana no fenitra, dia iza izany? Ny Teny, Andriamanitra no nilaza fa hitsara an'izao tontolo izao amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy Izy. Izy no Teny. "Tamin'ny voalohany ny Teny, ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra. Ny Teny dia tonga nofo ka nonina teo anivontsika." "Ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay."

10 Ankehitriny dia te-hiresaka aminareo aho izao tolakandro izao eo amin'ny lohahevitra iray tena hafahafa, mety ho izany ilay izy aminareo. Saingy, ao amin'ity lohahevitra ity, dia homeko ny Tompoko ny—ny fitsarana marina iray. Tsy mihevitra aho fa nahazo an'ilay karazana fitsarana marina Izy teo anoloan'ny toeram-pitsaran'i Pilato. Izaho—tsy mino aho fa Izy dia nahazo—nahazo an'ilay fitsarana marina Izy, noho izany dia nahita fahadisoana teo Aminy izy ireo, ka nanameloka Azy sy nanohombo Azy. Fa hihetsika isika, izao tolakandro izao, toy ny ao amin'ity fitsarana ity.

Ary hoy ianareo hoe, "Afaka hanome fitsarana Azy ve ianao?"

11 Raha mijanona ho ny Teny Izy, dia afaka manome Azy ny fitsarana isika, satria mbola Izy no Teny. Ary afaka manome Azy fitsarana iray isika. Ary tiako ny hahita hoe ato amin'ity toeram-pitsarana ity, izao tolakandro izao, raha mandray an'ity tranobe ity isika hisolo tena ny toeram-pitsarana, hoe tiantsika ny hahita fa mahazo fitsarana marina iray Izy, na momba Azy izany na hanohitra Azy. Tiantsika ny hanome an'ireo lafiny roa. Ary avy eo, amin'ity tranga ity, dia te-hitsara Azy aho, izay ny Teny.

12 Ankehitriny, ity Soratra izay vao avy novakiko ity, Marka ny toko faha-16, na dia ny Dokotera Scofield aza eto dia milaza hoe, "Manomboka amin'ny andininy faha-9, dia tsy hita ao amin'ny roa amin'ireo boky tranainy indrindra." Mazàna no inoana eo anivon'ny olona, fa, ireo mpampianatsika amin'izao andro izao izay te-hino azy amin'izany fomba izany, hoe ny Vatican no nanatsofoka an'izany tao.

13 Saingy hitako fa i Irénée sy ny maro tamin'ireo mpanoratra voalohany dia mitodika amin'ny Marka 16. Tahaka anareo olona hafa izay mianatra ny tantara, ny tantaran'ny Baiboly, izay mahafantatra fa izy ireo dia apostoly voalohany, ary na dia taorian'ny fahafatesan'i Jesosy aza, ary rehefa Polycarpe, sy Irénée, sy Masindahy Martin, sy Masindahy Columba, ary ireo rehetra ireo, dia nitodika tamin'ity Marka 16 ity. Noho izany dia tsy maintsy tena marina ilay izy, fa raha tsy izany dia tsy ho nitodika tamin'izany mihitsy izy ireo. Ary i Masindahy Jaona no anankiray izay nanakambana an'ireo epistily miaraka, ary i Polycarpe no sakaiza akaiky sy mpanampy azy nanao an'izany, araka ny tantara.

14 Ankehitriny dia hitantsika fa tsy mino an'izany izy ireo amin'izao andro izao. Miezaka miala lavitra amin'ilay zava-misin'ny maha-misy an'Andriamanitra izy ireo; eo amin'ny toerany, dia filazana iray fotsiny na fanekem-pinoana iray. Ilay tena Andriamanitra, ity toko ity no hanaporofo fa misy izany, ary ny porofo tsirairay izay mety ananan'izy ireo.

15 Tahaka ny mpampianatra malaza anankiray, filohan'ny Sudan Missions, nanatrika tany ny vadiko kely rehefa tonga tany an-tranoko izy, Paris Reidhead. Ary hoy izy hoe, "Rahalahy Branham, azoko fa efa Batista iray ianao."

Hoy aho hoe, "Eny, tompoko, marina izany."

16 Dia hoy izy hoe, "Eny," hoy izy, "te-hanontany zavatra iray aminao aho." Hoy izy hoe, "Fony aho zazalahy kely iray," hoy izy, "dia nanana traikefa iray aho. Ary nanasa lamba ny reniko sy ny zavatra rehetra, mba handefa ahy any an-tsekoly. Dia nieritreritra aho, azo antoka, fa rehefa nahazo ny B.A.-ko aho, dia hahita an'i Kristy." Hoy izy hoe, "Izany, rehefa nomena ahy izany, dia tsy nahita an'Izany aho. Rehefa nahazo ny Diplaoman'ny Dokoterako aho, dia nihevitra aho fa hahita an'Izany. Rehefa nahazo ny LLD-ko aho, dia nihevitra aho fa hahita an'Izany." Hoy izy hoe, "Rahalahy Branham, nahazo diplaoma betsaka aho, ara-bakiteny ary—ara-bakiteny ary ara-boninahitra ihany koa, ka afaka handalotra an'ireo rindrinao amin'izy ireo aho. Saingy aiza ilay Andriamanitry ny Baiboly?" Hoy izy hoe, "Diso ve ireo mpampianatra?"

Hoy aho hoe, "Iza moa aho no hilaza fa diso ireo mpampianatra?"

17 Hoy izy hoe, “Eny, ity no azoko, hoe nivadika Pentekotista ianao.”

18 Dia hoy aho hoe, “Eny, tsy milaza aho fa izaho . . . Mino aho, rehefa teraka tao amin’ny Fanjakan’Andriamanitra aho, dia lasa pentekotista ho azy,” hoy aho, “satria tsy rafi-pandaminana iray ny pentekosta. Niezaka izy ireo nanao an’izany, saingy tsy izany ilay izy. Andriamanitra dia hameno Presbyteriana iray, Loterana, na iza na iza ianao. Hitanao, noho izany dia fahatsapana iray izany fa tsy rafi-pandaminana iray. Tsy afaka mandrafitra an’izany ianao. Fahatsapana iray izany.”

19 Dia hoy izy hoe, “Eny, te-hiteny aminao an’izay nitranga aho.” Hoy izy hoe, “Avy any Inde, amin’izao andro izao, mandefa olona eto izy ireo ho an’ny fianarany.” Hoy izy, “Tao amin’ny sekolinay, dia nisy zazalahy Indiana tsara iray izay tonga teto ary nahazo ny fianarany izy. Ary rehefa niverina izy . . . ” Heveriko fa izy dia tokony ho, heveriko, injeniera elektrika na zavatra iray. Hoy izy hoe, “Fa izahay rehefa . . . ”

20 Nanana sekoly iray tahaka ny ananan-dRahalahy Oral Roberts any mihitsy izy ireo. Mampianatra fanaovana injeniera sy inona koa izy ireo.

21 Noho izany dia hoy izy hoe, “Teny an-dàlana niverina, dia niaraka tamin’ny mpitoriteny iray hafa aho, nanao taminy hoe, ‘Ankehitriny, miverina any Inde . . . ’” Ary fantatrareo fa ireo—ireo Indiana dia mivavaka amin’i Mohameta. Dia hoy izy hoe, “‘Nahoana ianao no tsy mahafoy ny mpaminaninao fahiny maty, ka mandray ny Tompo Jesosy nitsangana; ary mitondra Andriamanitra tena misy iray hiverina any Inde miaraka aminao, miteny amin’ny olonao?’”

22 Hoy izy hoe, “Tompoko,” hoy izy, “inona no mbola azon’i Jesosy Tomponao hatao amiko mihoatra noho izay azon’ny mpaminaniko atao?”

23 Dia hoy izy hoe, “Eny, Jesosy Tompoko dia afaka manome anao Fiainana Mandrakizay. Teny fikasana ao amin’ny Teny izany.”

24 Hoy izy hoe, “Ny mpaminaniko, Mohameta, dia nampanantena an’ilay zavatra iray ihany, ao amin’ny teniny.”

25 Dia hoy izy hoe, “Eny, hitanao,” hoy izy, “Jesosy Tompoko dia nitsangana tamin’ny maty. Ny mpaminaninao dia ao ampasana.”

26 Hoy izy hoe, “Nitsangana tamin’ny maty ve Izy?” Hoy izy, “Efa nanana roa arivo taona ianao hanaporofoina an’izany, nefa ny valopolo isan-jaton’izao tontolo izao dia mbola tsy nandre mikasika an’izany mihitsy.” Hoy izy, “Avelao hitsangana amin’ny maty i Mohameta, fa izao tontolo rehetra izao dia hahafantatra, an’izany ao anatin’ny efatra amby roapolo ora.”

27 Ankehitriny, hoy izy hoe, “Eny, jereo,” hoy izy, “nitsangana tamin’ny maty i Jesosy.” Hoy izy, “Afaka manaporofo an’izany aho satria velona ato am-poko Izy,” hoy ilay Kristiana.

28 Dia hoy ilay Mohametana hoe, “Ary, tompoko, velona ato ampoko i Mohameta.”

Hoy izy hoe, “Saingy, hitanao, manana hery sy fifaliana izahay.”

29 Hoy izy hoe, “Tompoko, ny fivavahana Mohametana dia afaka mamokatra psykolojia betsaka mihitsy tahaka ny vitan’ny Kristianisma.” Ary izany no fahamarinana.

30 Efa nahita azy ireo nandry teny an-dàlambe aho ary nihorakoraka hoe, “Allah,” ary miditra amin’ny toerana iray tahaka an’izany, izy ireo dia afaka naka . . . Nitsangana izaho sy i Billy ary nandinika lehilahy iray nanatsofoka sabatra iray tao ambanin’ny fony mihitsy; ary tonga teo ny dokotera iray ka nandraraka rano tao amin’izany, ary nivoaka izany; nisintona azy nivoaka, fa tsy nandratra azy mihitsy izany. Mahita azy ireo maka sombin-kazo, ary maka an’izany eo ambanin’ny hohony sy manitrika azy ireny, ary manisy lelam-pintana amin’ny orony, nefa tsy mahatsapa an’izany mihitsy aza na mandeha rà indray mitete. Afaka mamokatra psykolojia betsaka noho ny vitan’ny Kristianisma izy ireo.

31 Ary nilaza tamiko Atoa. Reidhead, nanao hoe, “Fantatro fa tsy niresaka tamin’ny zazavao iray aho. Ary hoy izy hoe, ‘Miandry izahay Mohametana.’”

32 Tahaka ny nataon’izy ireo tamin’ny rahalahintsika mahery fo, Billy Graham, namaky an’izany tao amin’ny gazety ianareo, rehefa nanatona an’Atoa. Graham ilay Mohametana, ka nanao hoe, “Mitondrà ianao olona marary telopolo, ary izaho hitondra olona marary telopolo; ary sitrano ny telopolonao, ary izaho hanasitrana ny telopoloko amin’ny alàlan’i Mohameta,” hitanareo, nandositra niala teo amin’ny sehatra Atoa. Graham. Tsy namaly azy izy.

33 Tsy mino aho fa ho nanao an’izany aho. Ho tahaka an’ireo zanaka Hebreo aho hoe, “Ny Andriamanitray dia mahay manafaka anay amin’ity.” Nahoana izy no tsy nandefa, naka an’i Oral Roberts na olona iray? Raha tsy nino an’Izany izy, dia maniraha haka olona iray izay tena nino an’Izany. Saingy, hitanareo, tamin’ny alàlan’ireo anaram-piangonana, oh, nandroaka azy teo no ho eo izy ireo. Manana asa iray hatao izy.

34 Na izany aza, dia hoy izy avy eo hoe, “Rehefa izahay, any Inde, no mahita anareo—ianareo Kristiana mamokatra an’izay nolazain’i Jesosy fa hataonareo,” hoy izy, “amin’izay fotoana izay dia hino anareo izahay.” Hoy izy hoe, “Nilaza Izy fa nitsangana tamin’ny maty Izy, ary ho fantatry ny olona izany satria hanao an’ireo asa iray ihany izay Nataony ianareo.”

"Eny," hoy izy, "manao asa lehibe kokoa izahay."

35 Hoy izy hoe, "Tsy nilaza mihitsy aho hoe 'ilay lehibe kokoa.' Te-hahita an'ireo asa izay Nataony fotsiny aho, aloha." Nahoana, miresaka ianareo, fantatrareo fa tsy miresaka amin'ny ankizy kely eny amin'ny zoron-dàlana ianareo, rehefa miresaka amin'ny iray amin'ireo teo-. . .izy ireo sy ny teolojiany. Noho izany dia hoy izy hoe, "Te-hahita an'ireo asa izay Nataony izahay."

"Oh," hoy izy, "angamba mitodika amin'ny Marka 16 ianao?"

36 Hoy izy hoe, "Eny, tompoko. Izany no iray amin'izy ireo, ny Fanirahany farany ho an'ny fiangonana."

37 Hoy izy hoe, "Eny, ankehitriny, hitanao," hoy izy, "olona fanatika betsaka no mino an'io toko io." Hoy izy hoe, "Saingy izahay dia nianatra, manam-pahaizana tsara kokoa tany ampianarana, fa Marka 16, manomboka amin'ny andininy faha-9, dia tsy voatsindrimandry marina tokoa."

38 Hoy izy hoe, "Nahoana, Atoa. Reidhead!" Hoy izy hoe, "Ampahany inona àry no voatsindrimandry?" Hoy izy hoe, "Ny sisa amin'Izany angamba no tsy voatsindrimandry. Ny Koran rehetra dia voatsindrimandry. Karazana boky inona no vakianao, antsoina hoe ny Baiboly?"

39 Hoy izy hoe, "Nataoko tao am-poko fa ho avy aho hiresaka aminao. Eny, hiresaka aminao aho."

40 Eo ianareo izao. Raha tsy voatsindrimandry *Ity*, amin'izay fotoana izay dia ahoana ny sisa amin'Izany?

41 Mampahatsiahy ahy ramatoa iray any Chicago izany. Nandeha tany amin'ny seminera iray ny zananilahy, hianatra mba ho mpitoriteny iray, sekoly Biblika iray sy seminera. Ary raha mbola tany lavitra izy, dia tena narary mafy ilay reny antitra. Ary noho izany dia nandefa teny ho an'ilay zazalahy izy ireo hoe 'hiomana,' ny reniny voan'ny tazo mafy, tratry ny aretin'avokavoka izy, ary nilaza fa (izy) izany—mety ho antso hamehana izany. Noho izany dia namatratra an'ireo akanjony ilay zazalahy ary nivonona. Farany, ny ampitso, dia tsy nandre teny intsony nandritra ny alina izy, ary ny ampitso, dia voalaza hoe, "Tsara ny rehetra."

42 Noho izany teo amin'ny herintaona tatỳ aoriana, dia niverina avy tany amin'ilay sekoly tany Atsinanana izy, sekolin'ny fampianarana iray malaza. Dia tonga tao an-trano izy ary niarahaba ny reniny sarobidy, ka hoy izy hoe, rehefa avy niresaka vetivety, nanao hoe, "Neny, tsy mba nanana anjara iray mihitsy aho hanontany anao an'izay nitranga." Hoy izy, "Indray hariva dia nilaza tamiko izy ireo mba 'hiomana', nefa ny ampitso maraina, dia nilaza fa ianao dia 'salama.'" Hoy izy, "Fanafody inona no—no nampiasain'ilay dokotera?"

Hoy izy, "Malala, tsy nampiasa na inona na inona ilay dokotera."

Hoy izy hoe, “Eny, ahoana no nanaovanao an’ilay izy?”

43 Hoy izy, “Fantatrao ve izay misy an’io misiona kely eto io . . . saika eo amin’ilay làla-mihodina, etsy amin’ilay kianja?”

“Eny.”

44 Hoy izy, “Nisy ramatoa iray teo. Nanao fivoriam-bavaka izy ireo tany, indray alina, tao amin’io misiona kely io, ilay andian’olona kely manetry tena mahantra io, ary,” hoy izy, “ny iray tamin’izy ireo dia voatsindrimandry ho tonga teto sy hahita ahy. Ary tonga ny vehivavy anankiroa, dia nanontany ahy izy ireo raha afaka mitondra ny pasiterany ka—ka hivavaka ho ahy, sy hanosotra diloilo ahy, ary—ary,” hoy izy, “ary hametraka ny tànany amiko, mba ho salama aho.” Ary hoy izy, “Fantatrao, niteny tamin’izy ireo aho hoe ‘azo antoka.’ Dia nentin’izy ireo ilay pasitera, ary napetrany teo amiko ny tànany, ka nivavaka.” Ary hoy izy, “Malala, namaky an’izany avy tao amin’ny Baiboly mihitsy izy, Marka ny toko faha-16, nanao hoe, ‘Izao famantarana izao no hanaraka an’ireo izay mino.’” Ary hoy izy, “Mba fantatrao moa? Ny ampitso maraina, dia tena very hevitra ny dokotera, tsy fantany izay hatao. Tsy nisy tazo intsony tato amiko.”

45 “Oh,” hoy izy, “neny, tsy nikambana tamin’io vondrona io ianao, sa tsy izany?” Hoy izy, “Hitanao,” hoy izy, “izahay tany an-tsekoly, dia nianatra fa ny Marka 16, manomboka amin’ny andininy faha-9, dia tsy voatsindrimandry.”

Hoy izy hoe, “Voninahitra ho an’Andriamanitra!”

46 “Nahoana,” hoy izy, “neny, manomboka mihetsika tahaka an’ireo olona ireo ianao.”

47 Hoy izy hoe, “Nieritreritra zavatra iray fotsiny aho.” Hoy izy, “Efa namaky ny Baiboly aho, hatramin’ny farany, sy ireo teny fikasana hafa ao amin’ireo toerana hafa, ihany koa, mitovy amin’izany.” Ary hoy izy, “Nieritreritra fotsiny aho, raha afaka manasitrana ahy amin’ny tsy voatsindrimandry Andriamanitra, dia inona no Hataony amin’izay voatsindrimandry marina tokoa?” Marina izany.

48 Ho ahy, dia voatsindrimandry ny rehetra. Andriamanitra, omeo finoana aho hinoako an’izany sy hanamarina an’izany!

49 Ankehitriny dia hanova isika, mandritra ny minitra vitsy fotsiny, ho amin’ny resaka fitsarana iray. Ankehitriny, tsarovy, hiditra ao amin’ny efitra fitsarana iray isika, mba hitondra an’i Jesosy, Andriamanitra, eo amin’ny sehatra eto, ary hanome Azy fitsarana marina iray. Mbola ny Teny foana Izy, na dia amin’izao andro izao aza, (mino an’izany ve ianareo?), mitovy mihitsy amin’ny naha-Teny Azy tamin’izany fotoana izany. [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.]

50 Ankehitriny, ity tranga ity, ny anton’izany, dia ireo—ireo fampanantenan’ny Tenin’Andriamanitra manohitra an’izao

tontolo izao. Ankehitriny apetraho tsara mihitsy ilay toerana fa raha tsy izany dia tsy ho azonareo mihitsy ilay izy. Ny antony ho an'ity fiampangana ity, dia ny fanitsakitsahana ny teny fikasana hoe, "Andriamanitra tsy mihazona Ny Teniny." Fanitsakitsahana ny teny fikasana izany. Fantatrareo hoe inona izany.

51 Ankehitriny, isan'andro dia hitantsika fa tsy maintsy misolo tena ny fanjakana ny mpampanoa lalàna, mino aho fa marina izany, ny mpampanoa lalàna. Raha misy mpisolovava iray mipetraka eto, dia manantena aho fa vitako tsara izany. Ny mpampanoa lalàna dia tsy maintsy misolo tena ny fanjakana. Noho izany ny mpampanoa lalàna amin'ity raharaha ity dia ny devoly, miampanga ny Tenin'Andriamanitra.

52 Ny Mpiaro an'ity Teny ity, dia Andriamanitra Izy tenany, satria Izy no Teny.

Ny Vavolombelon'ny Fiarovana, amin'ity raharaha ity, dia ny Fanahy Masina.

53 Ary ny—ny mpampanoa lalàna dia manana vavolombelona vitsivitsy eto izao tolakandro izao. Ary ireto vavolombelona ireto, ny iray amin'izy ireo, dia Atoa. Tsi-mpino, ny anankiray manaraka dia Atoa. Mpisalasala, ary ny manaraka dia Atoa. Tsi-maharitra. Ho entina eo amin'ny lampihazo izy ireo, sy hianiana, ary hotsaraina.

54 Ankehitriny dia manana an'ilay fipetraky ny fitsarana ianareo, ampangain'izao tontolo izao Andriamanitra, satria, "Tsy mihazona Ny Teniny Izy." Ary ny mpampanoa lalàna dia misolo tena ny fanjakana, izay misolo tena an'izao tontolo izao. Ary ny mpampanoa lalàna dia ny devoly, izay mandà fa marina ny Teny.

55 Ary ny mpampanoa lalàna, ho an'ireo vavolombelony, dia mitondra vavolombelona telo manohitra ny Tenin'Andriamanitra. Ary mba hanaporofoina an'izany, dia hanaporofo an'izany aminareo izy, izao tolakandro izao, hoe, "Tsy mihazona Ny Teniny Andriamanitra, ary Izany dia tsy—tsy tokony arahina Izany. Tsy marina fotsiny Izany. Tsy misy na inona na inona marina amin'Izany."

56 Ary ny Mpiaro dia Andriamanitra, izay Mpanoratra sy ny Teny, ho an'izao andro izao, mitovy amin'io andro io na andro hafa iray.

Ary manana an'ireo vavolombelony ny mpampanoa lalàna.

57 Hoy ianareo ankehitriny hoe, "Aiza ny mpitsara?" Miresaka amin'izy ireo aho. Ianareo no mpanadina, ary ianareo koa no mpitsara. Ataovy ao an-tsaina izany ankehitriny, sady mpanadina ianareo no mpitsara, amin'ilay raharaha. Mpitondra teny fotsiny aho.

58 Manana ny fitsarana voapetraka isika ankehitriny. Ankehitriny antsoin'ny mpampanoa lalàna ny filaminana ankehitriny. Antsoina ao amin'ny efitra fitsarana ny filaminana, izao tolakandro izao, hitondrana an'ity raharaha ity eo amin'ny—ny fampisehoan-kery iray.

59 Ankehitriny dia maro ny olona no niteny taminareo fa, "Tsy azo ianteherana ny Tenin'Andriamanitra. Tsy afaka miankina Aminy ianareo," sy ny sisa, ary efa nandre an'izany rehetra izany ianareo. Ankehitriny dia ndao entintsika eo amin'ny fitsarana marina iray Izany. Firy no manaiky, atsangano ny tànanareo ka manaova hoe, "Tiako ny handre; ary Jesosy Kristy, izay ny Teny, dia mahazo fitsarana marina iray"? Ary ato amin'ny fitsarantsika, izao tolakandro izao, dia hanome Azy fitsarana marina iray isika. Avelao fotsiny ilay fahavalo handray an'ireo tenin'ny fahavalo, sy izay rehetra tokony holazainy, ka jereo raha marina ilay izy. Ndao isika handalina an'izany ary hanome an'i Jesosy Kristy, ilay Teny, fitsarana marina iray izao tolakandro izao.

60 Ankehitriny, niantso filaminana ny fitsarana, ny vavolombelona voalohany tian'ny mpampanoa lalàna ho entina eo amin'ilay fijoroana dia . . . eo amin'ilay fijoroana dia Atoa. Tsi-mpino. Mandray an'ilay fijoroana izy mba hijoro vavolombelona. Tsarovy ankehitriny, Atoa. Tsi-mpino. Aza diso an'ireo olona ireo ankehitriny, raha tsy izany dia ho diso zavatra iray ianareo, mety ho diso amin'ny fahasitrananareo ianareo.

61 Tonga eo amin'ilay fijoroana Atoa. Tsi-mpino, hijoro vavolombelona. Ny fitarainany dia, hoe, "Tsy marina daholo ny teny fikasan'ny Tenin'Andriamanitra. Tsy marina izany." Milaza izy fa, ao amin'ny Marka 16, dia nampiharina taminy—taminy tao amin'ny mody-antsoina hoe fivorian'ny Fanahy Masina iray. Ary efa tratry ny aretim-bavony nandritra ny taona maro izy, ka nandeha nankany amin'ny toerana iray izay nisy azy ireo, izay antsoan'izy ireo azy hoe, "ny fivorian'ny Fanahy Masina," ary nino fa marina io teny fikasan'ny Marka 16 io. Nanana tànana nipetraka teo aminy izy araka ny teny fikasan'Andriamanitra.

62 Tsy manana na inona na inona ho lazaina manohitra an'ilay mpitoriteny izy; novakiany avy tao amin'ny Teny mihitsy izany. Tsy miampanga an'ilay mpitoriteny izy; miampanga an'Andriamanitra izy. Satria, tsy fahadisoan'ilay mpitoriteny izany, mamaky an'izay nolazain'Andriamanitra hatao fotsiny ilay mpitoriteny. Ary Andriamanitra dia nilaza marina tokoa, ao amin'ny Marka 16 hoe, "Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino; raha mametraka ny tànany amin'ny marary izy, dia ho sitrana ireny."

63 Ary nilaza izy fa mpino iray izy, ary tonga tao amin'ny fivoriana izay nitorian'izy ireo ny Marka 16 ho marina. Ary ilay mpitoriteny, niaraka tamin'ny Batisan'ny Fanahy Masina, dia

nilaza ho mpino iray sy mpitoriteny iray nirahina ho an'ilay asa, nametraka ny tànany teo aminy izy. Ary efa roa volana lasa izao, dia ratsy fotsiny tahaka ny hany naha-izy azy ny vavony. Noho izany, dia milaza izy fa tsy marina Andriamanitra, mametraka zavatra tahaka an'izany ao amin'ny Teny, nefa tsy marina izany.

Ankehitriny dia avelao izy hidina. Nijoro vavolombelona izy.

64 Ny manaraka eo amin'ilay fijoroana dia Atoa. Mpisalasala. Te-hanome fijoroana vavolombelona iray izy. Nilaza Atoa. Mpisalasala fa izy dia efa noelingelenin'ny—ny TB, nandritra ny teo amin'ny dimy ambin'ny folo taona teo. Fa tsy mbola voataiza izy, nitohy niala fotsiny ilay izy, nitohy fotsiny—nitohy nandeha. Nihatsara kely kokoa fotsiny izy, ary avy eo dia nanohy nandeha. Ary nandre ny amin'ny toerana iray tao an-tànana izy izay natao hisy mpitory teny masina iray mitory teny, ary ny olona dia nilaza fa sitrana araka ny teny fikasana avy amin'Andriamanitra, hita ao amin'ny Jakoba 5:14, izay ilazana ao amin'ny Tenin'Andriamanitra hoe, "Raha misy marary eo anivonareo, dia aoka izy hiantso an'ireo loholon'ny fiangonana; ary aoka izy ireo hanosotra diloilo azy ireo sy hivavaka ho azy ireo; ny vavaky ny finoana no hamonjy an'ilay marary, ary Andriamanitra hanangana azy ireo."

65 Ary satria narary izy, sady mpino iray, dia mandeha any amin'io fivoriana io izy izay ilazan'ireo olona rehetra ireo fa sitrana tamin'ny alàlan'io pasitera masina io izy ireo. Ary nokarakaraina izy, araka ny Jakoba 5:14. Ary nikarakara azy araka ny Teny mihitsy ilay pasitera, nanosotra diloilo azy sy nivavaka ho azy, vavaka iray izay nolazain'ilay pasitera fa "ny vavaky ny finoana," izay ninoany. Ary saiky efa herintaona lasa izany, fa tsy nahazo valiny iray tamin'izany mihitsy izy, noho izany dia milaza Atoa. Mpisalasala fa tsy marina Andriamanitra mametraka teny fikasana iray tahaka an'izany ao amin'ny Baiboly nefa avy eo tsy mitsangana ao ambadik'izany.

Ankehitriny, tsarovy, mamaky an'ireo teny fikasan'ny Filazantsara feno aho eto.

66 Ho avy eo amin'ilay fijoroana ny vavolombelona manaraka ankehitriny. Miantso ny vavolombelony manaraka ny mpampanoa lalàna, alohan'ny hamaritany ny raharaha. Ny vavolombelony manaraka dia Atoa. Tsi-maharitra.

67 Ankehitriny ireo dia toetra ivelan'ny voajanahary izay mitoetra amin'ny olona. Hitanareo, ankehitriny, manao izy ireo.

68 Noho izany dia tonga Atoa. Tsi-maharitra, ary milaza izy fa namaky tao amin'ny Baiboly izy indray andro. Tsy nankany ampiangonana izy, fa izy dia . . . mpino iray izy. Noho izany ny iray tamin'izy ireo dia nandeha nankany amin'ny evanjelista iray, ary ilay iray hafa nandeha nankany amin'ny pasitera iray, ary ity lehilahy ity dia mpino miafina iray izay nijanona tany antrano. Ary nandeha izy ka namaky tao amin'ny Marka ny toko

faha-11, ny andininy faha-22 sy faha-23; raha mandray naoty an'ireo Soratra ireo ianareo. Izay, Jesosy Izy tenany, milaza ho Andriamanitra, Imanoela, no nanao an'ity fanambarana ity tamin'ireo Molony Manokana hoe, "Marina tokoa, marina tokoa, Lazaiko aminareo, fa na iza na iza hilaza amin'io tendrombohitra io hoe, 'Mifindrà,' ka tsy misalasala ao amponareo, fa mino fa hiseho izay nolazainareo, dia afaka hahazo an'izay nolazainareo ianareo." Ary hoy koa Izy, hoe, "Rehefa mivavaka ianareo, dia minoa fa azonareo izay angatahanareo, dia homena anareo izany."

69 Nilaza izy fa nalemy tongotra izy, nandritry ny teo amin'ny dimy amby roapolo taona teo. Ary dimy taona lasa izay, raha nipetraka tao amin'ny efitra izy, fahatsapana fa voatsindrimandry hamaky ny Teny izy izay lazainy fa ninoany, ary tamin'ny fony rehetra no ninoany an'izany. Ary noho izany dia nilaza izy, tamin'ny feony manokana hoe, "Ry fandringàna ao amin'ny tongotro, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, mialà amiko," hoy izy. Ary efa dimy taona lasa izay, dia mandringa mihitsy tahaka ny hany naha-izy azy izy.

70 Koa, noho izany, dia te-hametraka ny fijoroany vavolombelona manohitra ny Teny izay tsy mety diso Atoa. Tsi-maharitra, te-hametraka an'izany hanohitra ny Baiboly ho Teny voatsindrimandry, ary milaza fa tsy marina io teny fikasana io; efa nozahany toetra Izany, fa "tsy marina Izany." Nilaza Atoa. Mpisalasala fa nizaha toetra an'Izany izy, fa "tsy marina Izany." Nilaza Atoa. Tsi-mpino fa nizaha toetra an'Izany izy, fa "tsy marina Izany." Ireo vavolombelona telo rehetra ireo dia manome famakiana ara-tSoratra, teny fikasana ara-tSoratra, ary milaza fa io teny fikasana io dia mamaky an'izany, afaka mamaky an'izany avy ao amin'ny Baiboly ianareo, ary vavolombelona iray izy ireo hoe "Tsy izany no Fahamarinana."

71 Noho izany, dia tokony hariana ny Baiboly; satria, raha ny ampahany iray an'Izany, ny andininy iray an'Izany no tsy azo itokisana, dia tsy afaka hatoky ny rehetra an'Izany aho. Tsy maintsy ho ny Fahamarinana daholo Izany, na tsy Fahamarinana ny iray amin'Izany. Ny rojo dia eo amin'ny fitohizany malemy indrindra fotsiny ihany no tsarany indrindra. Fantatrareo izay tiako lazaina.

72 Ankehitriny dia tonga ny mpampanoa lalàna hitondra ankehitriny ny fiampangana sy hamaritra ny raharaha. Tehamaritra an'izany izy. Diniho izay lazainy ankehitriny. "Tsy marina Andriamanitra amin'ny fametrahana teny fikasana maimaika tahaka an'izany ao amin'Ny Teniny, ho an'ireo Zanany mino mba hizahana toetra ny finoan'izy ireo, satria tsy marina izy ireo." Manana vavolombelona izy eto, mba hanaporofo fa ity Teny izay nampanantenain'Andriamanitra ao amin'Ny Teniny ity ho ny Fahamarinana, manana vavolombelona izy mipetraka eto, ary afaka maneho amin'ny alàlan'ny porofon'ny dokotera sy

amin'ny alàlan'ny fijoroana vavolombelona, fa narary izy ireo, efa *ity* izy ireo, efa *itsy* izy ireo. "Ary izy ireo dia nanaiky ireo Masina, natao ho, Soratra voatsindrimandry, ary nametraka azy ireo teo amin'ny fitsapana, nefa tsy marina izy ireo." Manana vavolombelona hanaporofo an'izany izy, hoe, "Tsy marina ireo Teny ireo, satria tsy nahomby tamin'ny tsirairay tamin'izy ireo Izy tamin'izany."

73 Ankehitriny, mariho indray ankehitriny. "Ary tsy nahomby Izy. Tsy nahomby Andriamanitra tamin'ny nanaovana an'ireo mpino ireo, izay nino Ny Teniny, handray an'izany marina tokoa, nandeha tamin'ny fahazarana, izay Nolazainy marina tokoa, nefa avy eo dia tsy nanetsika fanondro iray mihitsy Andriamanitra hanaovana zavatra mikasika ny Fampanantenany; taona sy taona no efa lasa." Noho izany dia hoy izy hoe, "Ahoana moa raha ireo Soratra hafa, toy ny hoe natao batisa, 'izay mino sy atao batisa no hovonjena,' nefa tsy misy olona voavonjy avy eo? Ahoana ny amin'ireo Soratra izay nampanantena fa hiverina Izy? Tsy misy marina ny iray amin'izy ireo. Satria, *ireto* dia tsy marina, ary *ity dia* tsy marina. Boky ho an'ny tantara foronina fotsiny ilay izy. Ary mpino ireto lehilahy ireto. Kanefa, Izy, Andriamanitra, dia mampanantena fa hain'ny mino ny zavatra rehetra, ary mpino izy ireto.

74 "Kanefa, indray, dia milaza Izy fa ho velona aorian'ny fanohomboana Azy. Milaza ny Baiboly, fa, 'Efa nitsangana tamin'ny maty Izy, ary mijanona ho tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.' Ary tsy nisy anankiray nahita an'io Lehilahy niaraka tamin'ny holam-pantsika teo amin'ny Tànany io, nandeha teo anivon'ny fiangonana, sy ny sisa. Ary tsy marina ny Hebreo 13:8. Tsy Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay, satria tsy nihoatra noho ny olona iray mihitsy Izy. Tsy afaka mihazona ny Fampanantenany Izy. Noporofoiny, tamin'ireto vavolombelona ireto, fa tsy mihazona ny Fampanantenany Izy, noho izany dia tokony hatsipy ao anaty dabam-pako ilay Boky ka hadinoina. Tsy misy izany zavatra izany."

75 Ankehitriny, tsarovy, mampiasa ny feon'ny mpampanoa lalàna aho, mamaritra ny raharahany. "Eny àry, nilaza Izy ao amin'ny Lioka 17:30, izay Nilazany hoe, 'Amin'ny andro farany, dia ho voambara ny Zanak'olona,' hanambara ny Tenany amin'ilay Taranak'i Abrahama Andriamanitra," araka ny nandrenesany mpitory teny fanatika iray nitory teny indray mandeha ary milaza fa hanambara ny Tenany indray ao amin'ny olombelona Izy, antsoina hoe ny Zanak'olona.

76 "Apokalypsy 10, milaza Izy fa Izy no nilaza ho ilay iraky ny anjely farany, araka ny taom-piangonana ao amin'i Laodikia, izay tsy maintsy ho matimaty, ka Jesosy dia ho (izay ny Teny) roahina hivoaka ny fiangonana. Nilaza Izy fa tao amin'ireo fizaram-potoana telo ireo hoe nisy zavatra izay tsy voambara tamin'ireo mpanavao tamin'ireo andro fahiny, fa amin'ny andro

farany, izany, ny farany, an'ilay anjely fahafito, Hafatry ny iraka fahafito, dia ho lasa misy sy tonga voaseho ireo Soratra rehetra ireo. Tsy misy izany olona izany eto an-tany, tsy nisy mihitsy ary tsy hisy mihitsy," hoy izy.

77 Milaza izy fa, ao amin'izany, "Andriamanitra dia milaza ao amin'Ny Baiboliny, fa ny fiangonana dia ho lasa ara-pototra ary hiala lavitra amin'ny tenany, ka ao amin'ny Malakia 4 dia handefa mpaminany iray indray Izy, satria Izy dia efa nandefa, indroa, Elia sy Jaona Mpanao-batisa. Izy dia haniraka mpaminany amin'ny alàlan'ny. . . ary ho ao amin'ny herin'i Elia izy. Ary ny asam-panompoany, ireo asany, ny zavatra rehetra, dia ho Elia. Ary avy eo amin'ny asam-panompoany, dia hiantso ny olona avy amin'io toerana ara-pototra io izy, hiverina amin'ilay tena Finoana tena izy an'ireo ray apostolika. Nefa tsy misy zavatra tahaka an'izany miseho.

78 "Ary milaza koa Izy fa samy ho levona ny lanitra sy ny tany, fa Ny Teniny tsy ho levona mihitsy." Ary milaza izy fa manana porofo eto, izao tolakandro izao, mba haneho fa tsy mahomby Izany. "Ary iza moa io Jesosy natsangana tamin'ny maty io? Taitaitra tao amin'ny andiana psykolojia ara-tsaina ianareo rehetra. Ary tsy misy izany zavatra izany; matoky fanantenana sandoka ianareo."

79 Ankehitriny, heveriko fa saiky ampy ny lazainy. Heveriko fa efa nandray ny Baiboly manontolo izy. Avelao izy hipetraka ankehitriny, ry mpampanoa lalàna. Aoka hiala koa ny vavolombelon'ny mpampanoa lalàna ankehitriny. Miala eo amin'ilay fijoroana izy ireo.

80 Ary eo amin'ny lampihazo ankehitriny, dia hiantso ny Vavolombelon'ny Fiarovana isika, ny Fanahy Masina. Tonga hiteny Izy. Manantena aho fa hitanareo ny fomba namaritan'ny mpampanoa lalàna ny raharahany tamin'ny alàlan'ny Soratra. Ankehitriny, ny Vavolombelon'ny Fiarovana, dia ny Fanahy Masina, no tonga hiaro an'ilay Voampanga, ny Teny. Heveriko fa tsy afaka nanana anankiray tsaratsara kokoa izy ireo.

81 Voalohany, miantso ny fifantohana ho amin'ity fitsarana ity Izy, hoe ilay mpandika ny Tenin'Andriamanitra, ho an'ny olona, ilay mpampanoa lalàna, dia ilay mpandika iray ihany izay nandika ny Tenin'Andriamanitra tamin'i Eva. Tiany ho azon'ny fitsarana izany, hoe ilay mpandika teny dia mpandika tenin'i Eva, izay milaza fa ny bitika rehetra amin'Izany dia marina daholo afa-tsy Teny anankiray fotsiny. Ary Tiany ho fantatrareo koa. . . Izy no ilay Anankiray, tsarovy, Izay nanoratra ny Baiboly. Tiany ho fantatrareo koa, fa, tany amin'ny voalohany, io teny anankiray nesorina tamin'ny Tenin'Andriamanitra io, no nahatonga ny fahafatesana sy ny alahelo ary ny aretina rehetra. Ary Tiany ho fantatrareo fa Andriamanitra koa dia nilaza, ao amin'Ny Teniny, ao amin'ny toko farany, mitovy amin'ilay

voalohany, hoe, "Na iza na iza hanaisotra zavatra iray avy Eto, na mametraka zavatra iray hafa eo amin'Izany, dia hesorina hiala ao amin'ny Bokin'ny Fiainana ny anjarany." Tsy maintsy ho ny Teny izany, ary Izany irery ihany. Tiany ho fantatry ny fitsarana hoe iza no nanao an'ity famaritana mafy rehetra ity ankehitriny, izany dia ny mpandika tenin'i Eva.

82 Tiany ianareo ity. . .hiantso ny fifantohan'ity fitsarana ity indray, izany hoe, ny Vavolombelon'ny Fiarovana, Te-hiantso amin'ity fitsarana ity Izy ka haneho aminareo fa ho an'ireo mpino irery ihany ireo teny fikasana; tsy ireo mody-mpino, tsimaharitra, na mpisalasala. Manova ny sary sa tsy izany? Izany irery ihany. . .Tsy ho an'ny olona izay miantso ny tenany ho mpino; ilay izy dia ho an'ireo mpino irery ihany, fa tsy ho an'izay milaza fa mpino izy ireo. Satana dia milaza fa izy dia mpino iray, ihany koa, fantatrareo. Tsy ho azy ireo izany. Ho an'ireo tena mpino irery ihany izany.

83 Ary ity Vavolombelon'ny Fiarovana ity dia tokony hahafantatra na mpino ireto lehilahy ireto na tsia, satria, sady izay koa, ny Vavolombelon'ny Fiarovana no—no mpamelombelona ny Teny Izy tenany. Fantany na mino ianareo na tsia. Izy no Anankiray izay nomen'Andriamanitra, mba hanao an'Izany hiseho. Haleloia! Izy no Anankiray izay manaporofo an'izany. Izy no Anankiray izay manao an'Izany hiseho. Izy no Anankiray Izay mahafantatra na milatsaka ao amin'ilay toerana tsara Izany na tsia, ity Vavolombelon'ny Fiarovana ho an'ny Teny ity. Mariho, te-hiantso an'ireo mpino indray Izy, ny Vavolombelon'ny Fiarovana no mahafantatra na izany izy na tsia, Izy no mpamelombelona ny Teny.

84 Ary miantso ny fifantohan'ity fitsarana ity indray ho amin'ny teny fikasan'ny Teny izay resahana Izy. Tsy nametra fotoana anankiray hitrangan'ireo zavatra ireo mihitsy Izy.

85 Hitanareo ve hoe ahoana no ahafahan'izy ireo tsy mamaky tsara ny Teny aminareo? Ankehitriny ireo zalahy ireo izay manao hoe, "Avelao aho hahita an'*ity* hitranga," hitanareo, tsy mamaky tsara ny Teny akory aza izy ireo. Izany hoe, raha mpino marina ilay lehilahy, Izy dia tsy mbola nametraka fe-potoana iray mihitsy.

86 Tiany koa ny fitsarana hahatsiaro fa voasoratra io Teny io, ary Jesosy Kristy, ilay Teny voaseho, dia nanao hoe, "Ny Teny dia voa iray izay afafin'ny mpamafy iray." Ary ny voa dia afaka mamokatra ny tenany fotsiny ihany, mamokatra ny teny fikasany, raha eo amin'ny karazana tany tsara izy izay hamelombelona an'ilay voa. Amena. Somary manova an'ilay—ilay raharaha, sa tsy izany? Tsy maintsy ho eo amin'ilay toerana tsara izy.

87 Ny voa iray apetraka eo ambonin'ity birao ity dia tsy hamokatra fijinjana iray mihitsy. Ny voan'ny—ny katsaka iray

eto, anatin'ny sulfate de cuivre, dia tsy hanao na inona na inona. Ny voan-katsaka iray dia tsy maintsy milatsaka ao anatin'ny tany izay efa lonaka ho an'io voan-katsaka io, fa raha tsy izany dia tsy haniry izy.

88 Ary Andriamanitra dia nilaza fa Ny Teniny dia voa iray izay afafin'ny mpamafy iray, ary tsy maintsy latsaka amin'ilay karazana tany tsara izy. Izany tany izany dia ny finoana. Voa iray izy, ary tsy maintsy milatsaka ao anatin'io tany io izy, fa raha tsy izany dia tsy afaka hovelombelomina. Amin'ny teny hafa, ny Fanahy Masina, Vavolombelon'ny Fiarovana eto, dia milaza fa tsy ho tonga eo amin'izany akory aza Izy raha tsy milatsaka ao anatin'ilay karazana tany tsara izy. Izy no mpamelombelona an'izany.

Miantso ny vavolombelony voalohany ny Vavolombelon'ny Fiarovana.

89 Heveriko fa raha afaka niantso an'ireo vavolombelona ilay mpampanoa lalàna, eto an-tany eto, mba hanaporofoiny fa diso ny Teny, dia heveriko fa ilay Vavolombelon'ny Fiarovana dia manana zò hiantso an'ireo vavolombelona izay afaka manaporofo fa marina Izany. Satria, ny resaka ankehitriny dia eo amin'ireo mpino sy ireo tsi-mpino, miaraka amin'ny Teny, raha maniry ny Teny.

90 Ny Vavolombelon'ny Fiarovana dia te-hampahafantatra amin'ity fitsarana ity, izao tolakandro izao, ny vavolombelona voalohany, dia i Noa. Nilaza i Noa fa niaina tao amin'ny taona iray tena siantifika mihitsy izy. Te-hijoro vavolombelona i Noa. Ary nilaza izy fa niaina tamin'ny andro izay nanalaviran'ny olona an'ireo fahagagana sy ny sisa. Ary avy eo dia nandre ny Tenin'Andriamanitra niteny taminy izy fa handrava an'izao tontolo izao amin'ny rano Izy, ary hidina avy tany ambony ny rano. Ho avy ny orana, izay tsy mbola nanao an'izany mihitsy tany aloha. Fa nilaza izy fa ny—ny Tenin'Andriamanitra, satria mpaminany iray izy, tonga taminy ny Teny, ary nandeha nitory teny izy fa hiseho ny Teny, satria Andriamanitra Izany. Ary tiany ho fantatr'ity fitsarana ity koa fa Atoa. Tsi-mpino, Atoa. Mpisalasala, ary Atoa. Tsi-maharitra, dia naka fanahy azy foana. Saingy satria mpaminany iray, nahafantatra fa tsy afaka mandainga Andriamanitra, dia nifikitra tamin'ny Teny izy, tsy mampaninona.

91 Nanatona azy izy ireo ka nanao hoe, "Ankehitriny, ry Noa," Atoa. Tsi-mpino dia nilaza hoe, "ahoana no hanaporofoinao fa misy orana any ambony any?"

92 "Tsy fantatro izay misy an'izany. Fa raha Andriamanitra no niteny an'izany, dia—dia milamina hatreo izany."

"Ahoana no hilatsahan'ny orana nefa tsy misy orana any ambony any?"

"Tsy fantatro. Fa Andriamanitra no niteny an'izany, dia milamina hatreo izany."

93 Tonga Atoa. Mpisalasala ka nanao hoe, "Raha ho tonga eo izany karazana orana izany, amin'izay fotoana izay dia tsy maintsy hidina eto Izy ka haka ny orana ary hitondra an'izany any ambony any. Ahoana no Hanaovany an'izany?"

"Tsy fantatro." "Ary avy eo dia nanorina ny sambofiara aho. . . "

94 Voalohany dia te-hilaza izy, hoe rehefa nanao an'io fanambarana io izy, satria mpaminany teo anivon'ny olona, dia nihomehy azy ny olona rehetra, ka nanao hoe, "Tsy mahita orana aho."

95 Eny, rehefa nandeha niasa teo amin'ilay sambofiara izy, dia hoy izy ireo hoe, "Angamba aorian'ilay sambofiara . . . " Atoa.—niezaka nilaza taminy Atoa. Tsi-maharitra hoe, "Angamba rehefa voamboatra ilay sambofiara, amin'izay fotoana izay vao ho tonga ny orana." Fa rehefa vita ilay sambofiara, dia mbola tsy nanorana foana ny andro.

96 Tsy nanorana mihitsy ny ampitso, tsy nanorana mihitsy ny herinandro nanaraka, tsy nanorana mihitsy—tsy nanorana mihitsy ny volana manaraka, ny taona manaraka. Ary rehefa vitany ilay sambofiara, dia mbola tsy nanorana foana ny andro.

97 Ary avy eo dia nilaza izy, indray andro dia niverina taminy ny Feon'Andriamanitra ka niteny taminy fa hahita famantarana iray ivelan'ny voajanahary eo anivon'ny natiora izy, hoe ny vorona sy ny biby no hiditra anatin'io. Ary noho izany dia nihomehy azy Atoa. Tsi-mpino ka nanao hoe, "Lasa fonenan'ny vorona ilay izy. Nanamboatra hazo fipetraham-borona iray izy, raha ny marina." Dia nihomehy sy naneso azy ny rehetra.

Fa, indray andro, dia niteny taminy Andriamanitra, ka nanao hoe, "Midira ao anatin'ny sambofiara."

98 Ary nitsangana teo am-baravarana i Noa ka nanao hoe, "Mahazo ny antsonareo farany ianareo. Midira!" Fa tsy nisy olona niditra afa-tsy ny fianakaviany manokana.

99 Noho izany dia nilaza izy fa niditra tao anatin'ny sambofiara. Ary nilaza tamin'ny fianakaviany kely mahate-ho tia izy, ankehitriny, ity dia i Noa mpaminany, "Oh, afaka ora iray hafa, tsy isalasalana, dia hilatsaka ny orana."

100 Ary rehefa niditra izy, dia nihidy tao ivohony tamin'ny fomba ivelan'ny voajanahary ny varavarana. Hoy izy hoe, "Hitanareo ankehitriny, ry malala," tamin'ny vadiny, tamin'ireo vinantovaviny ary ireo zananilahy, "nohidin'Andriamanitra ato isika.

101 "Ankehitriny dia manana varavarankely iray isika eto ambony eto. Miakara eo amin'ny tohatra, haingana mihitsy.

Aza diso an'izany. Miakara, haingana mihitsy, ary miakara eto ankehitriny. Vonona ny hanorana ny andro, tsy isalasalana."

102 Ary ny sasany tamin'ny olona teo izay nandre azy nitory teny, dia nanao hoe, "Manontany raha mety ho marina ny an'io fanatika antitra io?" Atoa. Tsi-mpino, Atoa. Mpisalasala, Atoa. Tsi-maharitra, tonga teo izy rehetra, nanao hoe, "Ho hitantsika." Hoy izy ireo, "Ao anatiny ao ve ianao ry Noa?"

"Eny."

"Sokafy, te-hijery izahay."

103 "Andriamanitra no nanidy ny varavarana. Tsy afaka manokatra azy aho. Tsy misy famoahana ato hanokafana azy."

104 Ankehitriny dia hoy izy ireo hoe, "Ilay antitra masiaka, niditra tao izy ary nanidy an'io varavarana io, ka miezaka manao antsika hihevitra . . . Fitaka izany. Miezaka mampitahotra antsika izy."

105 Ary eo ireo vavolombelon'ny mpampanoa lalàna, mipetraka eo, mihaino an'izany rehetra izany, satria meloka izy ireo nanao an'izany. Ny Baiboly no niteny an'izany hoe, "Mpamingavinga!"

"Ary namingavinga ahy izy ireo, naneso ahy.

106 "Ary na dia, ny tenako aza, dia niandry an'ilay orana. Ny tontolo andro, tsy nisy orana. Ny ampitso, tsy nisy orana. Ny ampitso, tsy nisy orana. Efatra andro, tsy nisy orana. Dimy andro, tsy nisy orana. Enina andro, tsy nisy orana. Fa tsy niteny tamiko Andriamanitra hoe rahoviana no ho avy ny orana, hoy fotsiny Izy hoe, 'Ho avy ny orana.' Tsy nametraka fe-potoana mihitsy Izy. Hoy fotsiny Izy hoe, 'Ho avy ny orana.'"

107 Tsy niteny mihitsy Izy hoe, "Vantany vao mametratànana amin'ny marary ianareo, dia hitsambikina izy ireo ka hihazakazaka manodidina ny gorodona," tahaka ny tian'ilay mpisalasala hampieritreretana anareo. Hoy Izy hoe, "Ho sitrana izy ireny." Tsy nilaza mihitsy Izy hoe rahoviana, ahoana. "Ho sitrana izy ireo!"

108 Hoy Izy hoe, "Ny vavaky ny finoana no hamonjy ny marary," ao amin'ny Jakoba 5:14, "Andriamanitra hanangana azy." Rahoviana? Tsy nilaza Izy. Nilaza fotsiny Izy hoe hitsangana izy.

109 Marka 16, hoy Izy hoe, "Lazao amin'io tendrombohitra io hoe, 'mifindrà,' ka aza misalasala ao am-ponareo, fa minoa fa hiseho izay nolazainareo." Tsy nilaza Izy hoe rahoviana. Nilaza Izy fa hiseho izany! Haleloia!

110 Hitanareo ve io mpandika teny sandoka ny Teny eo io? Avy eo dia hoy ianareo hoe, "Eny, avelao aho hahita anao hanao an'*ity* lehilahy ity, efa ela izy no tao amin'ny seza misy kodiarana. Avelao aho hahita. Milaza izy fa manana finoana." Io devoly io! Hitanareo ve hoe iza izy?

111 Tsy nilaza mihitsy Jesosy fa hitsambikina avy hatrany izy ireo ary hahazo an'izany eo no ho eo. Olona Pentekotista betsaka no nieritreritra an'ilay zavatra iray ihany, saingy tsy nilaza an'izany mihitsy ny Baiboly. Hoy Izy hoe, "Raha nino an'izany izy ireo, dia ho salama." Ary manana an'ireo Vavolombelony Izy hanaporofo an'izany.

112 Hoy i Noa hoe, "Afaka roapolo amby zato taona, tamin'izay fotoana izay vao nanorana ny andro." Fa, nanorana ny andro. Fantatr'i Noa fa hahita an'izany izy ao amin'ny taranany, satria nanorina an'ilay sambofiara izy, vonona ny hiditra.

113 Ankehitriny, hitantsika ankehitriny fa marina izany. Ankehitriny dia i Noa izany, ilay vavolombelona voalohany.

114 Ankehitriny, ny vavolombelona faharoa, no hantsointsika. Ndao isika hiantso an'i Abrahama. Hoy izy hoe, "Mpaminany iray aho, ary naminany teo ambanin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra. Ary nilaza tamiko Izy fa ny vadiko, izay dimy amby enimpolo taona, ary izaho dimy amby fitopolo, tamin'ilay taona, tamin'ilay fotoana, fa hahazo zazakely iray avy amin'i Saraha aho. Kanefa, azo antoka, fa izy dia . . . momba aho; izy dia, efa maty ny kibony. Roapolo taona izy, na mihoatra, no efa nihoatra ny fitsaha-jaza. Niara-niaina taminy nandritr'ireo taona rehetra ireo aho, nefa tsy mbola nisy famantaran-janaka. Izy dia, efa maty ny kibony. Ary, nefa Andriamanitra dia niteny tamiko fa hahazo zazakely iray avy aminy aho.

115 "Ary fantatrareo, Atoa. Tsi-mpino, Atoa. Mpisalasala, ary Atoa. Tsi-maharitra, taorian'ny valo amby roapolo andro voalohany, rehefa tsy nisy na inona na inona nitranga tamin'i Saraha, dia nihomehy ahy sy naneso ahy izy ireo. Tamin'ny taona voalohany, dia nanatona ahy izy ireo ka nanao hoe, 'Zanaka firy no ananao ankehitriny?'"

116 Saingy, rehefa afaka dimy amby roapolo taona, dia tonga teo amin'ny sehatra ilay zazakely. Nitranga ilay izy. Andriamanitra tsy nilaza hoe, "Hahazo zazakely iray ianao amin'ny herinandro manaraka, avy amin'i Saraha." Tsy nanondro fotoana mihitsy Izy. Nilaza Izy fa hahazo zazakely iray avy amin'i Saraha izy. Tsy nilaza mihitsy Izy hoe rahoviana. Nilaza fotsiny Izy hoe hahazo izy.

117 Noho izany dia hoy Abrahama hoe, "Ary tsy niahanahana tamin'ny teny fikasana aho, tamin'ny alàlan'ny tsi-finoana. Fa arakaraky ny naharetan'ilay izy, no nahalasa ahy hatanjaka kokoa foana. Ary na dia lasa malemy kokoa aza aho tao amin'ny ara-batana, izay sakana ho an'ny fihavian'ilay zazakely, raha tokony ho lasa malemy kokoa amin'ny finoana, dia lasa natanjaka kokoa tamin'ny finoana aho, satria fantatro fa Andriamanitra dia mahay mihazona Ny Teniny.

118 "Noho izany dia nipetraka aho indray andro, niresaka tamin'i Saraha, ka tonga ilay Anjelin'ny Tompo. Lehilahy telo, ny roa tamin'izy ireo nandeha nankany Sodoma; ny Anankiray nitsangana teo anilako ary niresaka tamiko, ka niteny tamiko an'ireo zavatra izay hitranga. Ary efa antitra aho ka nilatsaka ireo soroko, ary zara i Saraha raha afaka nandeha. Ary, fantatrareo, ny ampitson'iny mihitsy, dia nanomboka nahita an'io trafo io niala tamin'ny lamosiko aho. Ary nanomboka nivadika mainty ny voloko, ary lasa mena ny takolak'i Saraha."

119 Ankehitriny dia hoy ianareo hoe, "Mafy, Rahalahy Branham!" Iray minitra fotsiny, jereo raha nanao izy. Mariho, nivadika ho lehilahy sy vehivavy tanora iray izy ireo. Ankehitriny dia hoy ianareo hoe, "Oh, Rahalahy Branham!" Ankehitriny, manafina Ny Hafany eo anelanelan'ny andalana Andriamanitra. Tsy hahafantatra an'Izany mihitsy ny seminera. Marina izany. Tsia, tsia. Tantaram-pitiavana iray Izany.

120 Ny vadiko eo, manoratra taratasy iray ho ahy izy. Ary milaza zavatra anankiray izy eo amin'ilay taratasy, saingy afaka mamaky eo anelanelan'ny andalana aho. Fantatro izay resahany, satria tiako izy, fantatro mihitsy ny natiorany. Fantatro izay tiany lazaina. "Mipetraka eto aho izao hariva izao, Billy. Eo am-pandriana ireo ankizy. Mieritreritra anao aho." Oh, izaho—fantatro izay tiany lazaina, hitanareo, hitanareo, satria tiako izy.

121 Ary raha latsa-pitia amin'Andriamanitra ianareo, ka ao anatinareo ny Fanahin'Andriamanitra, dia ny Fanahy Masina Izy tenany no mpandika tenin'ity Teny ity.

122 Mariho, efa antitra tsara mihitsy izy ireo ankehitriny, ny Baiboly no niteny an'izany. Haingana ankehitriny, tonga eo amin'ny farany isika. Noho izany dia hoy izy hoe, "Nivadika ho lehilahy tanora iray aho. Nivadika ho vehivavy tanora iray izy."

Hoy ianareo hoe, "Oh, Rahalahy Branham!"

123 Henoy, mba hahazoana an'io zazakely io. . .Efa maty ny kibony; maty ny loharanon'ainy. Ankehitriny mba hahazoana . . . Tsy maintsy nanamboatra kibo hafa iray ho azy Izy. Tsy maintsy nanao an'izany ve Izy? Ary tamin'izany izy ireo dia tsy nanana an'ireny tavoahangy izay napetany teo am-bavan'ny zazakely ireny, mba ahafahan'ilay reny mihodinkodina hatraiza hatraiza. Tamin'ireo andro ireo, dia tsy maintsy nisy reny mampinono iray. Koa mba hanaovana an'izany, efa maina ireo làlan-dronono, noho izany dia tsy maintsy nanao làlan-dronono vaovao Izy, sy ny sisa, mba hamahanana an'ilay zazakely. Ary zavatra iray hafa, vehivavy iray zato taona ve, hihetsi-jaza? Tsy maintsy nanamboatra fo vaovao iray ho azy Izy. Hitanareo? Noho izany dia tsy Napetapetany fotsiny izany. Nasehony, tao aminy, izay Hataony amin'ny Taranak'i Abrahama rehetra, hiverina vaovao indray izy ireo, hahazo vatana iray vaovao handraisana an'ilay

Zanaka ho avy izay andrasantsika. Mbola mino an'ilay teny fikasana foana aho.

Hoy ianareo hoe, "Mafy!"

124 Eny àry, iray minitra fotsiny. Diniho, nanao dia iray izy ireo, telonjato maily niala teo amin'izay nisy azy ireo, nidina tany amin'ny tanin'ny Filistina, hatrany Gerara. Ary nisy lehilahy tanora iray tany amin'ny anarana hoe Abimeleka, mpanjaka izy, ka nitady malalan'ny fo iray izy, ary ireo zazavavy Filistina tsara tarehy rehetra ireo. Indro tonga i bebe kely, Saraha, ankehitriny, nanao ny aron'akanjony, sy Abrahama. Ary hoy Abrahama hoe, "Malala, tiako ianao hampahita fitia ahy." Hoy izy, "Tena tsara tarehy jerena ianao, rehefa mahita anao io mpanjaka io, dia haka anao ho vady." Ary rehefa nahita azy ny olona, dia tena tsara tarehy izy! Bebe? Tena tsara tarehy izy, hany ka, naka azy ho vady i Abimeleka.

125 Ary noho izany dia niseho tamin'i Abimeleka tao amin'ny nofy Izy, ka nanao hoe, "Mpaminaniko ny vadiny. Raha mikasika azy ianao, dia lehilahy iray maty tsara mihitsy ianao." Marina ve izany?

126 Asehony eo izay Hataony amin'ireo zanak'i Abrahama rehetra. Hoy izy hoe, "Tsy nilaza Izy hoe rahoviana no Hanaovany an'izany, saingy nilaza Izy fa Hataony izany." Marina tanteraka izany, ry sakaiza, avelao handroso fotsiny ilay izy. Hataony izany na ahoana na ahoana. Izy no nampanantena an'izany. Ankehitriny, fa dimy amby roapolo taona taty aoriana, dia nahazo an'ilay zazakely i Saraha, nanomboka tamin'ny fotoan'ilay teny fikasana. Tsy nilaza mihitsy ny Teny hoe rahoviana no ho azony izany, fa nilaza fa ho azony izany.

127 Ndao isika handeha haingana miaraka amin'ireto vavolombelona ireto ankehitriny. Vavolombelona fahatelo, Mosesy. Nilaza izy fa Andriamanitra dia nanome azy famantarana iray hatao, mba hanaporofo fa izany no Teny ho an'io taona io. Nalainy ny Teny, niaraka tamin'ny famantarana iray sy Feo iray, ary nandeha teo anatrehan'i Pasitera Farao. Ary hoy i Pasitera Farao hoe, "Hah, fitaka mora vidy iray an'ny mpanao majika io. Manana lehilahy aho eto izay afaka manao an'ilay zavatra iray ihany." Dia nataon'izy ireo izany. Mpaka tahaka! Hoy izy hoe, "Raha tsy efa mpaminany iray aho ka tsy nahafantatra fa izany no Teny nampanantenaina, dia ho nilaza aho fa tsy misy na inona na inona amin'izany,' satria manao an'ilay zavatra iray ihany izay ataoko ireto mpaka tahaka eto ireto." Saingy fantany fa avy tamin'Andriamanitra izany, noho izany dia nihazona mafy izy.

128 Nilaza Andriamanitra fa izy no hanafaka ny olona ary ho tonga eo amin'ny tendrombohitra iray izy ireo. Nanantena angamba izy fa hiverina izy ireo tamin'io andro io. Saingy, taona maro taty aoriana izany, fa niverina izy ireo. Tonga

teo amin'ilay tendrombohitra izy ireo. Nanatanteraka Ny Teniny Andriamanitra. Nentiny nankany amin'ny tany nampanantenaina izy ireo, araka ny Nolazainy. Nino ny Tenin'Andriamanitra izy.

129 Haingana mihitsy ankehitriny no hitondrako vavolombelona iray hafa, ny vavolombelona fahefatra, dia i Josoa. Hoy izy hoe, "Rehefa nomen'Andriamanitra anay ny teny fikasana, dia lasa izahay . . ." Teo amin'ny efapolo maily mahery teo fotsiny ilay izy. "Ary nony tonga tao Kadesi-barnea izahay, dia naniraka vavolombelona i Mosesy mba hahita na afaka haka azy izahay na tsia. Ary, oh, ireo Amalekita, sy ireo olombe lehibe, ary manda avo," hoy izy ireo, "isika dia tsy afaka haka azy, mihitsy, toa tahaka an'izany."

130 Fa nandeha tany ny olona iray ary nitondra porofo fa tsara ilay tany. Noho izany dia hoy izy hoe, "Ny sisa rehetra tamin'ireo foko, hoy izy ireo, 'Oh, tsy afaka maka azy isika.'" Hoy izy hoe, "Nitsangana aho ka nampangina ny olona, ary nampahafantatra azy ireo fa ilay izy dia tsy ny haben'izany zavatra izany any; ilay izy dia ny teny fikasan'Andriamanitra, ary hataon'Andriamanitra izany." Hoy izy hoe, "Rehefa avy nampangina ny olona aho, dia tsy nampita anay mihitsy Izy, ny ampitso, ny herinandro manaraka. Efapolo taona taty aoriana, vao nampita anay Izy. Fa tsy nilaza Izy hoe rahoviana Izy no hampita anay; nilaza Izy fa hampita anay Izy, noho izany dia niampita izahay."

131 Tiako ny hanao an'i Isaia ho tonga vetivety fotsiny. Diniho i Isaia. Hoy izy hoe, "Mpaminany iray voamarina teo anivon'ny olona aho. Nino ahy ny olona rehetra. Nanomboka tamin'i Ozia Mpanjaka, ny midina rehetra, dia nino ahy izy ireo. Mpaminany iray voamarina aho. Izay nolazaiko, dia nataon'Andriamanitra hiseho. Izy—Izy no nanao ny teniko, izay nolazaiko, hiseho, satria niteny azy ireny tamin'Ny Anarany aho, Jehovah." Hoy izy hoe, "Indray andro, dia niteny tamiko Jehovah ka nanao hoe, 'Hanome famantarana iray ho azy ireo Aho, hanan-anaka ny virijiny.' Dia nilaza aho, noteneniko fotsiny tahaka ny nolazain'i Jehovah ilay izy."

132 Hoy izy, "Ary tiako ho fantatrareo fa, ity fitsarana ity, fa ny zazavavy Hebreo tsirairay dia nanao an'ireo baoty kely sy ny zavatra rehetra ho vonona mba hahazoana an'io zazakely io. Hanan-anaka ny virijiny iray. Ary nandeha, ireo volana, tsy nitranga izany. Ireo herinandro, tsy nitranga izany. Teo amin'ny valonjato taona taty aoriana, dia nitranga izany, fa tena nanan-anaka ny virijiny iray ka niteraka zaza iray." Tsy niteny taminy mihitsy Jehovah hoe rahampitso no hitranga izany, virijiny iray ao amin'ny taonanao. Hoy fotsiny Izy hoe, "Hanan-anaka ny virijiny," dia milamina hatreo izany. Tsy nilaza Izy hoe rahoviana. Nilaza fotsiny Izy fa hanana izy.

133 Ankehitriny, raha sitraky ny fitsarana, afaka ny ho Vavolombelony manaraka ve aho? Te-hijoro ho vavolombelona ho Azy aho, vavolombelona manaraka. Ny teny fikasan'ny Teny ho an'izao andro izao, no ijoroako vavolombelona.

134 Tamin'ny fahaterahana, satria zazalahy kely iray tany Kentucky, hitanareo eo amin'ireo karatra fangataham-bavaka sy ny zavatra rehetra izany, nitsangana teo io Hazavana io. Niteny tamin'ny mamako sy ny papako aho, nandritra ny taona rehetra. Manantena aho fa tsy toy ny hoe manokana izao, fa mijoro fotsiny aho ho vavolombelona iray eo Anatrehany. *Ity* Izy amin'ny endrika Teny. Tsy fantatro ny dikan'izany; tsy nisy anankiray nahafantatra. Tany amin'ireo tendrombohitra tany ireo, tao amin'ny tranainy kely . . . Tsy nanana varavarankely fitaratra tahaka ny anananareo rehetra ankehitriny akory aza; nanana varavarana tranainy kely iray ianareo izay natosikareo hisokatra ho varavarankely iray. Ary tamin'io maraina io, dia niditra ny Hazavana iray.

135 Niteny tamin'ny olona aho, niteny tamin'i mama. Ireo zavatra nolazaiko, dia nitranga tahaka an'izany foana izy ireo. Tsy nino an'izany izy ireo. Hoy izy ireo hoe, "Tsy marina izany." Fa teo amin'ny telopolo taona taty aoriana, dia noporofoin'Andriamanitra tamin'ny alàlan'ny porofo siantifika izany, hoe marina izany. Marina izany, satria teny fikasana iray izany.

136 Teo amin'ilay hazo, tamin'ny fahafito taona, izay nitenenan'ilay Feo tamiko ka nanao hoe, "Aza mifoka mihitsy, mihinam-paraky, na misotro, na mandoto ny vatanao."

137 Ary izaho tao an-tranon'ny mpanao toaka sandoka iray, dia tsy nahafantatra akory aza hoe inona ny Baiboly, na teny iray fotsiny aza. Mety afaka nahita alimanaka iray izahay, fa tsy Baiboly iray tao an-tranonay. Tsy misy afa-tsy andiana . . . Tsy miteny hanohitra ny havako, fa Andriamanitra no mahafantatra ny rehetra mikasika an'izany. Tsy nisy fomba mihitsy, ny havako teo alohako, tany aoriana tany dia Katolika. Nivady tany ivelan'ny fiangonana avokoa izy ireo ary lasa, ary tsy nisy fivavahana mihitsy. Tsy niraharaha an'izany akory aza izahay.

138 Fa Izy—Izy no niteny tamiko an'izay hitranga, hoe tsy tokony hifoka aho, na hisotro, na mandoto ny vatako amin'ny fomba rehetra, hisy asa iray hataoko rehefa lehibe aho. Eny, izany dia taona sy taona taorian'izany. Ahoana no nahafantarako fa ho mpitoriteny iray aho? Halako ny fieritreretana ny ho mpitory teny iray. Saingy nitranga izany, na ahoana na ahoana. Izany dia maneho fa mihazona Ny Teniny Izy. Fito ambin'ny folo taona taorian'ny Nisehoany tamiko tao anaty kirihitra iray . . .

139 Hitantsika, ny ampitson'io, dia naneho tamiko tetezana iray niampita ny renirano Izy, nitety an'izany, naneho lehilahy enina ambin'ny folo latsaka avy teo amin'izany. Niteny tamin'i mama

aho. Niankina teo amin'ny hazo iray, nijery an'izany. Hoy izy hoe, "Natory ianao, malala."

Hoy aho hoe, "Tsia, tsy natory mihitsy aho, mama. Nandinika an'izany aho."

140 Fito ambin'ny folo taona marina tokoa nanomboka tamin'io andro io, ny Municipal Bridge ao Jeffersonville dia nitety hatrany Kentucky, ary ny fahafito. . . Ary ireo lehilahy enina ambin'ny folo dia namoy ny ainy teo amin'izany, araka ny voalaza marina tokoa. Ah, toy izany koa no nakan'Atoa. Tsi-mpino fanahy ahy hatrany!

141 Ary afaka hiantso ny fifantohan'io mpampanoa lalàna jamba io ve aho, mikasika an'i Jesosy eto miaraka amin'ireo holampantsika eo amin'ny Tànany. Tsy nilaza zavatra tahaka an'izany mihitsy Izy. Nilaza Izy, rehefa miverina avy any An-danitra Izy, hoe, "Ny lohalika rehetra handohalika, ary ny maso rehetra hahita Azy, ary ny lela rehetra hiaiky." Nampanantena fotsiny Izy ny hiverina amin'ny herin'ny Fanahy sy hanamarina Ny Teniny, an'i Marka, sy izay Hataony. Izy tsy manao fotsiny. . . Tsy azon'izy ireo fotsiny izany.

142 Ankehitriny, eo amin'ny fototr'ity adi-hevitra ity, izao tolakandro izao, ary isika miaina. . . Satria, tsy maintsy hamela aho, mahita ahy mamadika an'ireto pejin-dahateny sy ny sisa ireto ianareo, tsy maintsy mamoaka an'izany aho, saingy heveriko fa efa tena akaiky isika ankehitriny mba hahazo an'izany.

143 Ankehitriny dia mbola tsy hino an'izany foana izy ireo. Jesosy dia nampanantena fa, "Tahaka ny tamin'ny andron'i Noa, sy tahaka ny tamin'ny andron'i Lota, dia ho tahaka an'izany amin'ny andro farany." Manana an'izany isika. Eto izany. Efa voamarina izany, Soratra firy mihitsy! Tamin'ny taonan'i Sodoma, izay nitranga tamin'i Abrahama, dia hiverina indray amin'ny Taranaka mpanjakan'i Abrahama, izay ao amin'i Kristy; Kristy miverina amin'ny endrika Teny, miasa ao amin'ny olombelona, ary maneho an'ireo famantarana izay Nampanantenainy fa hosoniaviny, hataony. Izy no nampanantena fa Hataony izany. Andriamanitra no nampanantena an'izany. Ary Andriamanitra dia hihazona ny Fampanantenany.

144 Ary ankehitriny, taona vitsivitsy lasa izay, dia niteny taminareo aho fa niresaka tamiko Izy ka nanao hoe, "Hisy dingana telo amin'ity asam-panompoana ity. Ary ny iray tamin'izy ireo dia amin'ny fandraisana ny olona amin'ny tànana, ka hahafantatra ny aretin'izy ireo." Firy no mahatsiaro an'izany? Azo antoka. Tsy efa niteny taminareo ve aho hoe, "Raha ho tsopo aho," izany no Noteneniny tamiko, "dia izao no hiseho hoe ho fantatro mihitsy aza ny tsiambaratelo izay ao am-pon'izy ireo"? Efa noteneniko taminareo ve izany? Firy no mahatsiaro izany?

Nitranga ve izany? Tsy nitranga ny ampitso mihitsy izany, taona maro taty aoriana izany, saingy nitranga izany.

145 Ary niteny teo amin'ilay renirano Izy, hoy Izy hoe, "Tahaka ny nanirahina an'i Jaona Mpanao-batisa hanambara ny fihavian'i Kristy, tamin'ny fiafaran'ny asam-panompoany, dia tonga Jesosy. Ary tahaka ny nanirahana an'i Jaona, dia ho toy izany koa no hialohavan'ny asam-panompoanao ny Fihavian'i Kristy Faharoa." Ary nisy fifohazana manerantany teo anivon'ny vahoakan'Andriamanitra, nanerana an'izao tontolo izao, tao anatin'ny dimy ambin'ny folo taona farany; ilay fifohazana lava indrindra. Ny mpahay tantara rehetra dia mahafantatra fa tsy misy fifohazana maharitra mihoatra ny telo taona. Nefa ity dia dimy ambin'ny folo taona. Ary jereo ny fiangonana amin'izao andro izao, miha-mangatsiaka izy. Miandry Ny Fihaviany isika. Manamarina ny Tenany Izy, maneho.

146 Ankehitriny, efa nitranga ireo zavatra rehetra ireo. Nampanantena Izy tao, hoe, "Ho fantatrao ny tsiambaratelon'ny fo."

147 Ankehitriny dia vao miditra amin'ny asa fanompoana ilay dingana fahatelo ankehitriny. Tsy haka fotoana hidirana ao amin'io aho, satria heveriko fa tsy tokony. Fa maro aminareo eto no mahafantatra ny amin'izany, hitanareo, ny amin'izay niseho.

148 Ankehitriny, rehefa niteny taminareo aho, rehefa tonga voalohany teto Kansas City aho, ary tany Arkansas, hoe hitranga ireo zavatra ireo, ary indro izy ireo. Vavolombelona velona isika fa nitranga izy ireo. [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] . . . Andriamanitra no nilaza fa hiseho izany. Tsy nilaza izany fa hitranga eo no ho eo ilay izy. Nilaza Izy fa hiseho izany.

149 Hoy ny Marka 16 hoe, "Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino." Raha tsy mpino iray aho, amin'izay fotoana izay dia nahoana ity Teny ity no efa voamarina ho ny Fahamarinana?

150 Raha tsy mpino ianareo, amin'izay fotoana izay dia nahoana Andriamanitra no nanome anareo ny Fanahy Masina? Mety manana an'ireo karazana fihetsiketsehana rehetra ianareo, mety mihazakazaka ianareo, miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, ary manao zavatra tahaka an'ireo olona izay manana ny Fanahy Masina; fa raha tsy zavatra iray tena izy ao am-ponareo izany, dia tsy hitondra an'ity Teny ity ho amin'ny fiainana mihitsy izany. Fa raha zavatra iray tena izy no ao, "ny lanitra sy ny tany ho levona, fa ity Teny ity tsy mety ho diso."

151 "Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino; raha mametraka ny tànany amin'ny marary izy ireo, dia ho sitrana ireny." Ary hitanareo ireo hafa sitrana. Tsy nilaza Izy fa ho sitrana eo no ho eo izy ireo. Hoy Izy hoe, "Ho sitrana izy ireo raha nino an'izany."

152 Firy no mandre, fa izany no Fahamarinana? Firy no mino fa mbola marina foana ny Tenin'Andriamanitra? Diso fandika amin'ny olona fotsiny Izy. Tsy mino an'izany ve ianareo? Diso fandika fotsiny Izy.

153 Ankehitriny, tsy tamin'ny andron'i Luther, tsy tamin'ny andron'i Paoly, tsy tamin'ny andron'i Noa sy ireo vavolombelona hafa ireo, tsy dimy ambin'ny folo taona lasa izay nitenenako taminareo fa hiseho ireo zavatra ireo; fa androany eto Topeka, Kansas, amin'ity andro ity, amin'ity ora ity, amin'ity minitra ity, ndao isika hiantso ny Tenin'Andriamanitra ho eo amin'ny fampisehoan-kery iray. Izy no nampanantena fa izao no hitranga amin'ny andro farany.

154 Ankehitriny mino ve ianareo fa mihazona Ny Teniny Izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Tsy maintsy mihazona Ny Teniny Izy, mba ho Andriamanitra. Tsy maintsy manao an'izany Izy. Tsy maintsy mihazona Ny Teniny Izy.

155 Ankehitriny, nampanantena ve Izy hoe, "Tahaka ny tamin'ny andron'i—i Sodoma, dia ho toy izany koa amin'ny fihavian'ny Zanak'olona," hoe Izy dia ho—ho voambara amin'ny andro farany tahaka Azy tamin'i Abrahama sy ny Taranany tany Sodoma? Nampanantena an'izany ve Izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Lioka ny toko faha-17, andininy faha-30, afaka mamaky an'izany ianareo. Ankehitriny, Izy no nampanantena an'izany. Izy no nilaza fa hitranga izany. Nilaza Jesosy fa tsy maintsy tanteraka ny Soratra rehetra, izay rehetra Nampanantenainy.

156 Nampanantena ve Izy ao amin'ny Malakia 4, izay Hataony amin'izao andro farany izao? Ary aorian'izany avy hatrany dia ho tonga ny afo, ary handoro an'ireo tsi-mpino, ka ny marina handeha eo ambonin'ny lavenon'ny tsi-mpino. Marina izany. Eny, eo am-baravarana mihitsy isika eto.

157 Ankehitriny, talohan'ny nahatongavan'ilay safodrano lehibe mihitsy, dia inona no Nampanantenainy? Talohan'ny nivoahan'i Noa mihitsy—i Noa . . . na i Mosesy tonga hitondra ny zanak'Isiraely hivoaka, dia inona no nitranga? Talohan'ny nahatongavan'i Jesosy mihitsy, dia inona no nitranga?

158 Jaona, tsy nitondra azy ho vavolombelona isika. Nanana azy isika teto, fa tsy ho vavolombelona iray, ahoana fa nantsoina hiala tamin'ny teolojia rehetra an'izany andro izany izy, handeha ho any an-efitra, satria izy no tokony hamantatra, izy no tsy maintsy hamantatra ny Mesia.

159 Eny, raha nandeha tany amin'ilay sekoly isika, an'ny rainy. Hoy izy, "Ankehitriny, sakaiza lehibe an'ny dadanao aho. Oh, lehilahy antitra malaza izy. Tiako izy. Ary fantatro . . . Ankehitriny tsy Rahalahy Jones ve izany Mesia izany? Ankehitriny dia fantatrao, ry Jaona, izy izany."

160 Hitanareo, nanasaraka ny tenany izy. Tamin'ny fahasivy taonany, dia nankany an-efitra izy, satria mpitia an-efitra iray izy. Ny Fanahin'i Elia no teo aminy. Ary ny Fanahin'i Elia; tsy Elia, lehilahy iray izy; ilay izy dia ny Fanahin'Andriamanitra niaraka tamin'io Teny io tamin'izany andro izany. Dia nandeha nankany an-efitra izy. Avy eo rehefa nivoaka izy, izy—tsy maintsy namantatra an'ilay Kristy izy, tsy ilay lehilahy tsara, fa, "Eo amin'Izay hahitanao ny Fanahy midina." Tsy ilay lehilahy izay mpampianatra tsara indrindra, tsy ilay lehilahy izay olona sarobidy indrindra tao amin'ny firenena tamin'izany andro izany, fa, "Eo amin'Izay anondroin'ny Fanahy Masina ny Tenany ho ny Teny." Ilay tena Teny Izy tenany mihitsy no nanondro ny Teny.

161 Ankehitriny dia Izy no nampanantena an'izany amin'ny andro farany. Jesosy dia hanao, ho tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Mino an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

162 Ankehitriny dia ndao isika hanondrika ny lohantsika vetivety. Manàna finoana. Aza misalasala. Minoa.

[Miteny amin'ny fiteny hafa ny anabavy iray, ary avy eo dia manome fandikana iray. Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] Isaorana ny Tompo.

163 Eny àry. Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Mino an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

164 Ankehitriny inona no Nampanantenainy hanamarinana ny Tenany? Ao anatin'ny olona iray, nofon'olombelona iray, tahaka ny Nataony tamin'i Abrahama, "Rehefa ny Zanak'olona . . . " Ho ny Zanak'olona izany, tsy—tsy—tsy—tsy ny Zanak'Andriamanitra ankehitriny; ny Zanak'Andriamanitra ao anatin'ny Zanak'olona iray. Ao amin'ny Ezekiela, ny toko faha-1, ny andininy faha-2, Jehovah dia niantso an'i Ezekiela hoe ny Zanak'olona, izay niantsoan'i Jesosy ny Tenany marina tokoa. Azonareo izany, amin'ny alàlan'ny fampianarana an'ny herinandro. Ankehitriny, hitanareo, inona ny Zanak'olona? Mpaminany. Inona i Malakia 4? Mba ho mpaminany iray. Inona ireo zavatra hitranga amin'ny andro farany ireo? Ankehitriny, tsy nilaza mihitsy Izy hoe rahoviana. Nilaza Izy fa hitranga izy ireo, ary nitranga izy ireo. Ankehitriny, ianareo, raha mbola Zanak'Andriamanitra foana Izy, ilay Zanak'olona; vonona ny ho voambara amin'ny andro farany eo amin'ny seza fiandrianan'i Davida, amin'ny maha-Zanak'i Davida. Hitanareo, diniho, noho izany raha Izy . . . Raha marina izany, Izy no nampanantena an'izany, dia voaterin'izany Teny izany Izy. Voaterin'izany Teny izany Izy.

165 Ankehitriny dia kasiho amin'ny finoanareo ny sisin'ny Lambany. Ary efa nanao an'ireo filazana ireo aho. Raha

avy amin'Andriamanitra izany, dia hiseho; raha tsy avy amin'Andriamanitra izany, dia tsy hiseho. Ary izany ihany no marina, jereo raha izany ity, eo anivon'ny mpino isika na tsia. Ankehitriny dia tsy maintsy ho mpino iray ianareo, tahaka ahy mpino iray. Tsy maintsy mino an'izany ho ny Fahamarinana ianareo. Raha mino an'izany ianareo, dia hitranga izany. Ankehitriny mivavaha, ny tsirairay avy aminareo, minoa amin'ny fanaonareo manokana.

166 Ndao isika hanomboka amin'ny ilany anankiray, hifantoka amin'ny ilany anankiray fotsiny. Ary izao fotsiny, tiako ity ilany miankina amin'ny rindrina ity, any ho any, minoa ianareo. Manàna finoana. Aza misalasala. Minoa fotsiny, manaova hoe, "Tompo!"

167 Aza mijery ahy ankehitriny, hitanareo. Afaka mijery ahy ianareo, fa, jereo, avelao ny finoanareo hijery any ankoatran'izany. Afaka mijery ahy amin'ny maso ara-batana ianareo, fa mijere Azy amin'ny mason'ny finoanareo, hoe Izy ity Teny ity. Ary—ary vao avy nanova ny Saron-tavany Izy, hitanareo, avy amin'izay tsy mety hita mankany amin'izay voambara tanteraka, ny Teny tonga nofo. Manàna finoana.

168 Aza mandehandeha ankehitriny. Aoka hipetraka tsara, manaja. Afaka mandehandeha ianareo, ao anatin'ny fotoana fohy; saingy aoka hipetraka tsara, manaja.

169 Ankehitriny, izany dia, inona izany? Fanomezam-pahasoavana iray izany. Ny fanomezam-pahasoavana iray dia tsy tokony raisina, tahaka ny sabatra iray, ary mandeha, mamely sy manindrona ary misintona. Tsy izany ilay izy. Ny fanomezam-pahasoavana iray dia manala ny tenanareo amin'ilay làlana fotsiny, mba ahafahan'ny Fanahy Masina miasa ao amin'ny vatan'olombelona iray. Aza manandrana manao hoe, "Voninahitra ho an'Andriamanitra, nahazo fanomezam-pahasoavana iray aho! Nahazo fanomezam-pahasoavana iray aho, haleloia!" Tsy ho azonareo mihitsy izany. Raha fantatrareo fotsiny hoe ahoana ny hamelàna ny tenanareo handeha!

170 Izany dia tahaka ny misintona vitesy iray. Hitanareo? Ovay mankao amin'ny finoana ny tenanareo, avy amin'ny tsi-finoana, manetseha vitesy kely iray fotsiny eo, manaova hoe, "Eny, efa somary nisalasala foana aho, fa marina tokoa, ankehitriny, mino aho ankehitriny." Ankehitriny dia diniho izay mitranga avy eo. Ataovy indray mandeha fotsiny izany dia jereo izay mitranga. Mivavaha fotsiny.

171 Ary miezaka ny manala ny tenako amin'ny hafatra aho, mankao amin'ny fanomezam-pahasoavana iray. Fanomezam-pahasoavana iray, ho, mba ahafahan'ny Teny hampahafantatra ny Tenany amin'ny—amin'ny, araka ny lazain'ny Hebreo 4:12 manao hoe, "Mamantatra, mahafantatra an'ireo eritreritra ao am-po."

172 Mivavaha ho an'izay rehetra tsy mety aminareo. Mivavaha, ary manaova fotsiny hoe, "Andriamanitra, izaho—manana ilaina aho. Tsy mahafantatra ahy ilay lehilahy, fa manana ilaina aho."

173 Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra, ho an'ny voninahitr'Andriamanitra, ary araka ny Tenin'Andriamanitra izay vao avy notoriako, dia raisiko ho eo ambanin'ny fifehezako ny fanahy rehetra ato.

174 Ankehitriny, tsy mampaninona izay mitranga . . . Mety hisy zavatra hitranga mihitsy ao anatin'ny iray minitra. Misy mpitsikera iray mipetraka eto, ary mihevitra fotsiny aho fa misy zavatra vonona hitranga. Hitanareo? Noho izany dia aoka ho tena manaja. Raha misy zavatra manelingelina, dia mipetraha tsara fotsiny ianareo. Mipetraha tsara mihitsy ianareo, avelao io olona io hanao an'izay hataony. Diniho izay mitranga. Avelao izy ireo hihetsika, dia jereo izay mitranga. Ho hitanareo raha Izy no Andriamanitra na tsia. Tokony hahita Azy ianareo ao amin'ny ady. Efa nahita Azy tao amin'ny fanasitranana ianareo; diniho Izy ao amin'ny ady. Miezaka manao ny tsarany indrindra hanaovana an'izany i Satana. Fa izao fotsiny—avelao fotsiny izy hanao an'izany indray mandeha, dia jereo izay mitranga.

175 Misy olona iray hafa mipetraka eto izay nijaly, mipetraka eto mihitsy, lehilahy iray sy ny vadiny. Mivavaka izy. Mivavaka ho azy izy. Aretin'ny hozatra iray ilay izy, hozatra eo amin'ny tarehy. Izy dia karazana vehivavy matavy iray. Manao lobaka fotsy ny vadiny. Mametraka ny tànany eo aminy izy. Marina izany. Atsangano ny tànanao, raha marina izany, raha izany no ivavahanao. Aza manahy. Hijanona izany. Teny fikasana iray izany, raha hino ianao. Nikasika ny Lambany ianao.

176 Misy ramatoa iray mipetraka eto aoriana eto amin' *ity* ilany ity, mijaly amin'ny aretim-behivavy izy. Manantena aho fa ny . . . O Andriamanitra! Rtoa. Reed, fantatrao fa tsy mahafantatra anao aho. Saingy marina izany, sa tsy izany? Nivavaka ianao hoe, "Tompo, mamindrà fo amiko." Namindra fo Izy. Hiala aminao izany ankehitriny. Minoa amin'ny fonao rehetra fotsiny. Aza misalasala. Manàna finoana.

177 Indro, indro misy ramatoa iray mipetraka eto amin'ny farany eto, manao satroka kely somary mainty. Izy dia mivavaka mikasika . . . Aretina ilay izy. Manana aretina izy. Tsy hitanareo ve io Hazavana mihantona eo amboniny eo io? Hitanareo? Manondrika ny lohany izy. Manana aretina izy eo amin'ny lohaliny. Marary ny lohaliny. Nianjera izy ary marary ny lohaliny. Hitanareo? Tsy fantatro izy; Andriamanitra no mahafantatra an'izany. Fa marina izany, sa tsy izany, ramatoa?

178 Eto, apetraho eo amin'io ramatoa mipetraka eo akaikinao io ny tànanao; manatòna azy avy hatrany. Mijaly amin'ny aretin'ny hozatra izy. Ary izany aretin'ny hozatra izany dia . . . Tratry ny areti-maso izy. Ary efa nodidiana ireo maso, izay nahatonga

an'izany. Marina izany, sa tsy izany? Atsangano ny tànanao. Raha mety mino ianao!

179 Ity ramatoa hafa ity dia nanangana ny tànany teo anilany mihitsy, somary nampientanentana azy. Fa ilay antony, raha ianao. . .Mino ve ianao fa Andriamanitra dia afaka miteny amiko hoe inona ny aretinao? Eo amin'ny kitrokelinao ilay izy. Raha marina izany, dia ahofahofaho tahaka an'*izao* ny tànanao. Eny àry.

180 Inona no Nolazainy fa Hataony? "Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." Mino an'izany ve ianao?

181 Indro misy lehilahy iray mipetraka eto anoloako. Mijaly amin'ny aretin-kozatra izy. Izy marina tokoa. . .Tsy fantatro na ho azony ilay izy na tsia. Karazana lehilahy iray mitovy taona amiko izy. Mijaly amin'ny aretin-kozatra izy. Tsy avy eto izy. Avy any Kansas City izy. Mino ve ianao fa hanasitrana anao Andriamanitra? Mino ve ianao fa afaka miteny amiko Andriamanitra hoe iza no anaranao? Atoa. Francis. Minoa amin'ny fonao rehetra. Niezaka nandroba an'izany taminao izy, tompoko. Ary izy—izy. . .Nihevitra ianao fa lehilahy hafa no tiako nolazaina, fa ianao ilay izy. Ary rehefa nilaza an'izany aho, dia nisy fihetseham-po hafahafa tonga teo aminao, tena mamy sy mafana. Raha marina izany, dia ahofahofaho tahaka an'*izao* ny tànanao.

182 Izao koa, ny vadinao mipetraka eo, izy no Rtoa. Francis. Mijaly amin'ny aretin-kozatra koa izy. Ary manana aretina izy amin'ny masony, ary aretina amin'ny sofiny. Marina ve izany? Marina izany.

183 Ilay ramatoa mipetraka eo akaikiny, eo akaikiny eo mihitsy, dia mijaly amin'ny varisin'ny làlan-drà. Marina. Manana zavatra tsy mety izy ao anatiny, karazan'ny. . .Aretin'ny tatavia izany. Tratran'ny aretin'ny tatavia izy. Avy any Kansas City koa izy. Rtoa. Gregg. Marina izany.

184 Raha vahiny iray tanteraka aminareo olona aho, dia atsangano tahaka an'*izao* ny tànanareo, mba, ny tiako holazaina, dia ho an'ireo olona eto izay nantsoina, atsangano ny tànanareo, ianareo olona izay vao nantsoina arak'izany, raha vahiny iray aho.

185 Inona izany? Ilay Andriamanitra iray ihany Izay nidina tao amin'ny nofon'olombelona, ary nihinana hena sy nisotro ronono. Ary nilaza Jesosy. . .Ary nilaza Abrahama, raha ny marina, hoe Izy no "Elohima," Andriamanitra voaseho tao amin'ny nofo. Hoy Jesosy hoe, "Tahaka ny tamin'izany andro izany, io Jehovah io, ilay Zanak'olona indray, tamin'ny endrika mpaminany, tahaka Azy, dia hiverina indray amin'ny andro farany," alohan'ny hiovan'ny vatanareo mihitsy. Isika, isika tsy afaka. . .Hitanareo, tsy afaka nahazo an'io zazakely io tao amin'io vatana io i Saraha, sa tsy izany? Abrahama tsy afaka, tao amin'ny vatany.

Tsy maintsy novaina ny vatany. Toy izany koa ny antsika, mba hahazo an'ilay Zanaka. Raiso ny Teny, ary Izy no Zanaka. Izany dia ny Teny. Mino an'izany ve ianareo?

Aondreho vetivety fotsiny ny lohanareo ankehitriny.

186 Tsara mihitsy, amin'ny fonareo rehetra, voamarina amin'ny fanaovana an'ireo teny fikasana ireo ve Andriamanitra? Mino ve ianareo fa Ny Teniny no Fahamarinana? Mino ve ianareo fa vavolombelona sandoka fotsiny ireo vavolombelona ireo, fa tsy nanana finoana hino an'izany izy ireo tany amin'ny voalohany? Ianareo no mpanadina ary ianareo no mpitsara. Ny mpanadina tsirairay no tsy maintsy mandray ny fanapahan-keviny, ny mpitsara no tsy maintsy mamoaka ny didim-pitsarana. Efa nanapa-kevitra ve ianareo fa ny Tenin'Andriamanitra, ao amin'ny Marka 16, no Fahamarinana? Raha nanao ianareo, dia atsangano ny tànanareo. Nitondra vavolombelona teo amin'ny sehatra aho, izay tonga amin'ny fomba iray ihany tahaka ny amin'izao amin'ny andro farany izao, ary nanaporofo fa marina ny Tenin'Andriamanitra. Ary ny Tenin'Andriamanitra no mampanantena an'izao amin'ny andro farany. Ary eto aho, ary eto ianareo, eo anatrehanareo, mba hanaporofo ny sisa amin'izy ireo, ny tsirairay avy aminareo. Ny tsirairay avy aminareo dia azo antsoina, tsirairay, tahaka an'izany, raha mino an'izany ianareo. Anontanio ireo olona ireo, miresaha amin'izy ireo, izay niantsoan'ny Fanahy Masina.

187 "Inona no ataonao ankehitriny, Rahalahy Branham?" Miezaka manalavitra an'Izany. Mitohy mitranga hatraiza hatraiza ato amin'ny tranobe Izany; mahita an'izany mitselatra fotsiny ianareo.

188 Hitanareo, miaraka amin'izany, dia miezaka aho ny mitondra anareo hino an'izany. Manàna finoana an'Andriamanitra. Minoa an'izany. Voamarina Izy tamin'ny fanoratana an'ity. Nohamarininy izany, ary noporofoiny fa izany no Fahamarinana. Naminany an'izany Izy, telopolo taona lasa izay, ary nanaporofo an'izany androany. Nilaza an'izany Izy, roa arivo taona lasa izay, ary nanaporofo an'izany androany. Ny Teniny no Fahamarinana. Ary ny Tenin'Andriamanitra tsirairay dia voatsindrimandry, ary ny rehetra amin'Izany dia Fahamarinana. Ary hoy ny Marka 16 hoe, "Hametraka ny tànany amin'ny marary izy ireo dia ho sitrana ireny."

189 Ry mpanadina, inona ny didim-pitsaranao ato amin'ny fitsarana izao tolakandro izao? Jesosy Kristy ve no ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay? Atsangano ny tànanareo. [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Resy lahatra tanteraka ve ianareo fa ny Marka 16 no Fahamarinana, ny Tenin'i Jesosy Kristy hoe, "Raha mametraka ny tànany amin'ny marary izy ireo, dia ho sitrana ireny"? Atsangano ny tànanareo. ["Amena."]

190 Noho izany, ry Satana, tsy maintsy mandeha ianao. Atoa. Tsi-mpino, tsy manana raharaha eto anivonay intsony ianao. Atoa. Mpisalasala, na Atoa. Tsi-maharitra, tsy ahoako na hafiriana no ilain'izany, fa hitranga izany.

191 Miantso ahy ho mpino iray ve ianareo? Atsangano ny tànanareo raha miantso ianareo. Mpino iray aho. Hivavaka ho anareo aho, hametra-tànana aminareo. Mino ve ianareo fa mpino ireo pasiteranareo eto? Atsangano ny tànanareo. Mpitoriteny mino firy no eo? Atsangano ny tànanareo.

192 Hangataka an'ireo mpitoriteny mino ho tonga eto iray minitra fotsiny aho. Mety tsara ve izany, pasitera? Tanteraka. Tiako ny mpitoriteny tsirairay ato amin'ity tranobe ity, izay mpino iray, ho tonga eto ary hitsangana miaraka amiko vetivety. Mila mpino tena izy aho ankehitriny. Tsarovy, fa tsy mila mody-mpino isika. Mila mpino tena izy isika. Avia eto ary mitsangàna eto amin'ny lampihazo. Hahita zavatra hitranga ankehitriny. "Mino aho fa niteny tamiko ny Fahamarinana ianao."

193 Ankehitriny tsarovy, tena mangina iray minitra fotsiny, raha tonga ireto mpitoriteny ireto, te-hilaza zavatra aminareo aho. Ankehitriny inona, inona no hitranga? Ny fihetsikareo, avy amin'ny fihetsikareo. . . Nisolifatra ny olona iray. Mety tsara ilay izy. Ny fihetsikareo, manomboka izao, no ho didim-pitsaranareo. Firy no mino an'izany, atsangano ny tànanareo.

194 Ankehitriny ny olona rehetra izay manana—manana ka—karatra fangataham-bavaka iray, mitsangàna eto amin'ny ilany ankavanana eto, mankanesa eo amin'*ity* ilany ity. Ianareo, ny tsirairay avy aminareo eo amin'ny làlantsaranareo, mitsangàna eo amin'ny ilany ankavanan'ny làlantsaranareo, eo amin'ny ilany ankavanan'ny làlantsaranareo.

195 Ankehitriny ireo amin'ny ilany hafa etsy, dia tsy maintsy hivoaka amin'*ity* làlana ity. Eny àry.

196 Ireo rehetra ireo amin'*ity* ilany ity, miaraka amin'ny karatra fangataham-bavaka, mitsangàna amin'*ity* làlantsara ity; tahaka an'izao, eo amin'ny ilany ankavanana. Izany dia ho ilay ilany ankavia. Miala tsiny aho. *Ity* ilany eto ity no ilany ankavananareo. Izany dia eo amin'ny ilany ankavianareo. Tongava tahaka an'izao mihitsy, ataovy ny laharanareo.

197 Ankehitriny ianareo mpitoriteny rehetra mankanesa eto ary manaova laharana roa, eo amin'ity làlana ity, laharana roa eo amin'ity làlana ity mihitsy; manodidina *eto* mihitsy sy manodidina *eto* mihitsy, ny tsirairay avy aminareo.

198 Ankehitriny dia firy aminareo no mino? Atsangano ny tànanareo, manaova hoe, "Te-haneho amin'Andriamanitra indray aho ankehitriny hoe mino tanteraka aho fa ny Marka 16 dia ny Fahamarinana," atsangano ny tànanareo. "Manaiky an'izany aho ankehitriny."

199 Firy eo izay tsy ho ao amin'ny laharam-bavaka, no hivavaka ho an'ireo izay ao amin'ny laharam-bavaka, ary ny vondrontsika miaraka manontolo dia hivavaka amin'ny mahampino? Atsangano ny tànanareo.

Ndao isika hivavaka ankehitriny.

200 Tompo Jesosy, Ianao no Andriamanitra. Ianao no ilay "IZAHO IZAY IZY" lehibe, tsy ilay "Izaho izay efa," na "Izaho izay ho." Ianao dia "IZAHO IZAY IZY," fotoana ankehitriny. Tsy misy hery afaka mijoro eo amin'ny Làlanao. Ianao no Andriamanitra, ary tsy misy tahaka Anao. Manao an'Ireo Teninao ho voamarina Ianao. Noporofoinao taminay izany, tamin'ny alàlan'ireo vavolombelona tamin'ity tolakandro ity tao amin'ity fitsarana ity; ity mpanadina ity, sy ity fitsarana ity koa, ary ireo mpitsara izay hisy.

201 Efa nomenay ny fitsarana, marina. Noraisinay izay nolazain'ny fahavalo. Noraisinay izay nolazain'ny mpampanoa lalàna. Noraisinay izay nolazain'ireo vavolombelony. Nentinay niaraka tamin'ilay vavolombelon'ny Vavolombelon'ny Fiarovana izany, ary Noporofoiny fa voamarina Andriamanitra amin'ny fanaovana an'ireo fanambarana ireo, satria Izy no manao an'izany hiseho, amin'ny mpino, amin'ny alàlan'ireo vavolombelona maro noho ireo vavolombelona izay azon'ilay tsi-mpino vokarina. Ankehitriny dia fantatray fa marina izany. Mipetraka fotsiny izany raha nitsara an'Izany ho marina ny olona, ny Tenin'Andriamanitra ho ny Fahamarinana.

202 Ekeo, Tompo, mba ny tsirairay avy izay rehetra mandalo eo amin'ireto laharana ireto. . .Ray, ireto lehilahy mitsangana eto ireto. Rehefa lasa aho, dia mety hilaza ny olona iray hoe Rahalahy Branham no nametra-tànana teo amin'izy ireo, fa tiako ho fantatry ny olona fa ireto pasitera ireto dia manana zò betsaka mihitsy hametra-tànana amin'ny marary tahaka ny olona rehetra. Tsy voatery miandry mandra-pandalon'ny evanjelisita amin'ny fotoana manokana iray izy ireo, fa ny pasiteran'izy ireo manokana dia manana zò hametra-tànana amin'izy ireo. Andriamanitra, ekeo mba, ny olona rehetra izay mandalo amin'ity laharan-tànana eto ity androany; izay nantsoina sy notendren'Andriamanitra, mba hametra-tànana amin'ny marary.

203 Fantatray fa tsy manana tànana masina izahay, saingy tsy mijery ny tenanay izahay. Mijery ny fanatitray izahay, Jesosy Kristy, ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay, Izay mandeha rà eo anoloan'ny seza fiandrianan'Andriamanitra ankehitriny, mba hanadio anay, hanatanteraka ny Fanirahany. Ekeo, Tompo, mba ny lehilahy rehetra, vehivavy, zazalahy, na zazavavy, izay mandalo eto, dia hiala amin'ity lampihazo ity, mifaly, toy ny hoe ara-dalàna sy salama ary tomady. Ekeo izany. Enga anie ity didim-pitsaran'ny mpanadina ity, izay lazain'izy

ireo fa izany, voamarina Izy, ary enga anie ny fitsarana izay havoakan'izy ireo ankehitriny no ho fihetsik'izy ireo rahatrizay. Ampio izahay, Andriamanitra, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

204 Rahalahy Roy Borders na mpitarika hira iray, raha ho avy eto vetivety fotsiny ianao ary hitarika. Ankehitriny miaraka amin'ny masonareo mikimpy.

205 Midira fotsiny amin'ny laharana ankehitriny, arakaraky ny andalovan'ny laharanareo. Mandalova eto. Nivavaka izahay, ny tsirairay avy tamin'ireto lehilahy ireto. Ny antony nametrahako azy ireo teto, dia izany. Ankehitriny ianareo *eto* dia tsy maintsy midina amin'*ity* làlana ity ary handalo ao amin'ny laharana mihitsy miaraka amin'ireto, miaraka amin'ireto eto ireto, rehefa mivoaka izy ireo, hitanareo. Marina. Ankehitriny dia miandrasa fotsiny mandra-pahatongan'izy ireo. . . Miandrasa mandra-pialan'izy ireo. Miandrasa mandra-pivoakan'*ity* laharana ity; avy eo ianao, ramatoa. Eto mihitsy, ranabavy, miandrasa eo mihitsy. Hitanao, miandrasa eo mihitsy, hitanao. Ry mpampiditra olona, ny sasany aminareo aoka hanampy azy ireo eo, hitanareo. Hitanareo, tsy maintsy mamela an'*ity* laharana ity hivoaka ianareo, *ireto* laharana ireto hivoaka, ary *ity* laharana ity manaraka azy ireo ity, hitanareo, mandalo.

206 Ankehitriny raha mandalo eto ianareo sahisahy fotsiny, maminavina fotsiny, dia mijanòna any ivelan'ny laharana; mety hanao anareo ho ratsy kokoa izany. Fa raha mandalo eto ianareo, mino, dia tsy misy na inona na inona hanaisotra an'izany aminareo. Firy no mahafantatra fa manomboka izao, dia izao no fotoan'ny fandaminana? Ianareo izay eo anatin'ny laharana, manaova hoe, "Izany no izy. Mino an'izany aho. Tsy misy itarainana intsony mikasika an'izany. Mifarana izany, izao ankehitriny izao. Nanaiky ny Tenin'Andriamanitra aho." Raha tsy izany, dia aza miditra ao amin'ilay laharana, ankehitriny. Minoa amin'ny fonareo rehetra, dia tongava.

207 Efa nanamarina ny Tenany tamin'ny alàlan'ny Teny Andriamanitra, ary ny vavolombelona sy ny fitsarana, izay manatrika izao ankehitriny izao hoe, "tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." Tsy misy na inona na inona tavela afa-tsy ny mametra-tànana amin'ny marary, dia ho sitrana ireny. Eto ireo pasiteranareo. Fantatrareo fa mpino izy ireo. Izy ireo no mpiandry ondrinareo.

208 Ary tsy tiako ianareo hanana an'ilay hevitra hoe izaho, Oral Roberts, na olon-kafa, no olona tokana izay voatendry hanao an'izao. Ny mpitoriteny tsirairay dia voatendry hanao an'izany. Ny mpino tsirairay, na mpitoriteny izy, na tsia, dia voatendry hanao an'izany. Ny olona rehetra izay mino, dia manana zò hametra-tànana amin'ny marary, ary ho sitrana izy ireny.

209 Tsy milaza aho fa ny pasiteranareo na olona iray dia handray ny fanomezam-pahasoavan'ny famantarana. Tsy voatery hanao an'izany izy ireo; tsy izany no antson'izy ireo. Tsy izany no antson'izy ireo, ny hanao an'izany. Izany dia tsy maintsy ho anankiray ao amin'ny taona iray.

210 Saingy—saingy hitantsika, fa efa nantsoina ianareo, amin'ny maha-mpino iray. "Izao famantarana izao no hanaraka an'*ireo,*" tsy manondro olona iray izany, "ireo izay mino." Minoa an'izany amin'ny fonareo rehetra ankehitriny.

211 Rahalahy Roy, tariho ilay hira hoe, *Minoa Fotsiny.* Ny olona rehetra ao amin'ny vavaka. Ry mpitoriteny, raha mandalo izy ireo, dia mametraha tànana eo amin'izy ireo. Ary ny laïka sy ireo sakaiza, rehefa mandalo eto ianareo, dia aza manana fisalasalana iray ao an-tsainareo; mandalova fotsiny mihitsy amin'ilay laharana, mandeha eto, manaova hoe, "Nilamina hatreo izany."

212 Tsarovy ankehitriny, ianareo no efa mpanadina tamin'ity raharaha ity. Nanangana ny tànanareo ianareo hoe efa azonareo ny didim-pitsaranareo. Ny olona rehetra izay mahazo, manaova hoe "amena." [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Efa azonareo ny didim-pitsaranareo. Ankehitriny dia izay zavatra ataonareo rahatrizay no hanaporofo na niteny ny fahamarinana ianareo na tsia. Ny—ny fitsaranareo dia hampandalovina amin'izay ataonareo rahatrizay. Hisy izany. Ianareo no ho mpitsara sy mpanadina. Raha mino an'izany marina tokoa ianareo, dia tsy maintsy hitranga izany. Raha mody-mino ianareo, dia tsy hitranga izany.

213 Satria, voaporofo tamin'ny alàlan'ny Teny izany, tamin'ny alàlan'ny Fanatrehan'Andriamanitra, tamin'ny alàlan'ny zavatra rehetra izay misy. Misy zavatra tavela tokony hatao ve? Raha ho avy eto mihitsy Izy, izao tolakandro izao, dia afaka hanasitrana anareo ve Izy? Tsia, tsia. Efa Nataony izany. Hitanareo? Izy no rehetra...Tsy misy zavatra tavela tokony hatao intsony ankehitriny. Nanamarina ny Tenany teto Izy, tamin'ny alàlan'ny Teny, nanaporofo ny zavatra rehetra. Ny zavatra tokana tsy maintsy ataonareo...Efa nanapa-kevitra ianareo, nandre an'ilay fitsarana ianareo, nanonona ny didim-pitsarana ianareo, avia ankehitriny ka asehoy ny fitsaranareo. Amena. Andriamanitra hitahy anareo.

214 Eny àry. [Manomboka mitarika ny fiangonana amin'ny fihirana ny *Minoa Fotsiny* Rahalahy Borders—Mpand.]

215 Mivavaha ankehitriny, ry rahalahy. Ary aoka ny tsirairay avy amin'ireo mpampiditra olona hamela ny olona handalo. Mitsangàna akaiky kely kokoa ankehitriny. Ny lehilahy rehetra aoka hikasika an'io zaza io, kasiho ny olona rehetra. Ny lehilahy tsirairay aoka hikasika an'ireo olona ireo, miaraka amin'ny finoana ankehitriny. Akimpio ny masonareo. [Mivavaka sy

mametraka ny tànany amin'ny olona Rahalahy Branham sy ireo mpitoriteny. Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

> Minoa fotsiny,
> Ny zavatra rehetra azo atao, minoa fotsiny;
> Minoa fotsiny, minoa fotsiny,
> Ny zavatra rehetra azo atao, minoa fotsiny.

216 Ankehitriny dia afaka mihira an'izany tahaka an'izao ve ianareo, "Ankehitriny mino aho, izao ankehitriny izao dia mino an'izany aho"? Mino ve ianareo? Atsangano ny tànanareo, manaova hoe, "Mino an'izany marina tokoa aho." "Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino!"

> Ny zavatra rehetra azo atao, ankehitriny mino aho;
> Oh, ankehitriny mino aho, ankehitriny mino aho,
> Ny zavatra rehetra azo atao, ankehitriny mino aho.

217 Fotoana vitsy lasa izay, teo amin'ny dimy ambin'ny folo taona lasa izay, tsaroako indray alina nantsoina tany amin'ny hopitaly iray aho, nankany amin'ny zazalahy iray teo ampahafatesana niaraka tamin'ny fivalanana mainty. Nisy . . . efa ratsy ilay fo teo aminy. Ary nanohy tonga tao amin'ny fivoriana ilay ray, mba—mba hitondra ahy handeha hivavaka ho an'ilay zazalahy. Ary ilay zazalahy dia teo amin'ny dimy ambin'ny folo, enina ambin'ny folo taona teo. Ary tena sahirana aho, tsy afaka nanao an'izany. Ary farany . . . Raha—raha—raha—raha entinareo amin'ny anankiray izany, avy eo dia ilay hafa izany, fantatrareo. Noho izany dia nanohy nifikitra ilay ray, niandry hatramin'ilay fotoana. Farany, indray hariva taorian'ny fotoana, dia nandeha nankany amin'ilay hopitaly aho. Eny, niteny tamiko ilay dokotera fa tsy afaka miditra aho. Hoy izy hoe, "Satria, ilay—tratry ny fivalanana ilay zazalahy teo aminy, ary ianao lehilahy iray manambady ka tsy afaka miditra ianao ary handray an'io tsimoka io."

218 Eny, nangataka azy aho hoe, "Avelao fotsiny aho hiditra azafady." Katolika ilay lehilahy. Ary hoy aho, hoy aho hoe, "Kristiana ve ianao?"

Hoy izy hoe, "Katolika aho."

219 Hoy aho hoe, "Raha pretra iray no nitsangana teto ka niezaka ny hitondra—hitondra an'ireo sakramenta farany an'ny fiangonana ho an'ilay zazalahy, dia ho nanaiky an'izany ve ianao?"

220 Hoy izy hoe, "Hafa izany. Pretra iray izany. Ianao lehilahy iray manambady."

Hoy aho hoe, "Raha manasonia taratasy iray aho, handray ny andraikitra rehetra?"

Hoy izy hoe, "Tsy afaka manao an'izany aho, tompoko."

221 Dia hoy aho hoe, "Azafady." Izao no nolazaiko, "Mitovy amin'izany mihitsy aho amin'ireo olona ireo tahaka ny pretra iray aminareo."

222 Farany, nampiakanjo ahy tahaka ny Ku Klux Klan iray izy, niaraka tamin'io karazan-javatra fotsy rehetra io, ary nampiditra ahy, dia nandeha nankany amin'ilay zazalahy aho. Efa tsy nahatsiaro tena izy, roa na telo andro. Zara raha nitempo ny fony. Adinoko hoe inona ilay fofon'aina; tena kely, zara fotsiny raha mandeha rà, mitempo. Ary nitsangana teo ilay ray sy reny antitra.

223 Dia nandohalika fotsiny aho, ary vavaka tsotra kely iray fotsiny, nametra-tànana taminy, hoy aho hoe, "Tompo Jesosy. . ." Nampiasa an'ity Soratra ity aho. "Hoy Ianao hoe, 'Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino.' Indro ilay ray sy reny, tsy ho nihizingizina sy nifikitra hanao ahy hametra-tànana tamin'io zazalahy io izy ireo raha tsy efa ninoan'izy ireo izany. Ary, Tompo, tsy ho tonga teto ho fanesoana aho. Mino aho fa izay nolazaiko sy nampianariko dia ny Fahamarinana." Dia hoy aho hoe, "Mitso-drano an'ilay zazalahy kely aho, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy; aoka ho velona izy."

224 Ary rehefa nitsangana aho, dia nanomboka nifamihina ilay ray sy reny antitra, ka nanao hoe, "Tsy mahafinaritra ve izany, neny! Tsy mahafinaritra ve izany!" Tsy niova ilay zazalahy na kely aza; nipetraka teo fotsiny. Ary izaho—nojereko izy ireo.

225 Ary ilay mpampivelona kely nitsangana teo, mpampivelona manokana iray izy, manana diplaoma, ary teo izy nandinika an'ilay zazalahy. Ary nilaza tamin'ilay reny izy, hoy izy hoe, "Ahoana no ahafahanao mihetsika tahaka an'izao, nefa fantatrao fa eo am-pahafatesana ny zanakalahinao?"

226 Ary ilay ray antitra, izy dia toy ny hoe saiky, oh, heveriko, valo amby dimampolo, enimpolo taona izy, nametraka ny tànany teo amin'ny sorony izy, tahaka ny hataon'ny ray antitra iray. Hoy izy hoe, "Anaka," hoy izy, "tsy eo am-pahafatesana io zazalahy io," hoy izy.

227 "Ramose," hoy izy, tsy fantatro hoe inona ilay izy, karazana fizahana fo na zavatra iray, hoy izy, "ny—lasa tena ambany ny fofon'ainy, ary miaraka amin'ity aretina ity, tsy fantatra ilay izy tao amin'ny tantara, raha hany tonga amin'io toerana io izany, mba hiverenany indray."

228 Ary nikosoka ny masony ilay patriarka antitra, ka nijery azy. Tsy hohadinoiko mihitsy izany. Hoy izy hoe, "Malala, ianao mijery tabilao iray. Izany no nanofanana anao mba ho jerena. Izaho mijery ny teny fikasana izay nataon'Andriamanitra. 'Hametra-tànana amin'ny marary izy ireo, dia ho sitrana ireny.'" Manambady ilay zazalahy ary manan-janaka telo, misionera iray any Afrika. Miankina amin'ny zavatra jerenareo ilay izy.

229 Ankehitriny dia mety misy sasany eto, tonga eto, izay tsy nahazo karatra fangataham-bavaka iray. Nanontany an'ilay zanakalahy etsy aho. Hoy izy hoe, "Tsy isalasalana fa misy betsaka ery aoriana ery, dada, izay tsy nahazo karatra fangataham-bavaka iray."

230 Firy àry ny mpino eto? Atsangano ny tànanareo. Hanao an'izao ve ianareo raha mihira isika hoe, "Ankehitriny mino aho"? Ankehitriny dia efa tsara taminareo Andriamanitra. Tsy ho tianareo ve, amin'ny maha-mpino iray. . . Tsy manao fahasamihafana izany hoe tànan'iza ilay izy, raha mbola mpino foana izy. Hitanareo? Hifametra-tànana fotsiny ve ianareo, ka hihira an'ity hira ity miaraka isika hoe, "Ankehitriny mino aho." Ary mandra-pihaonako aminareo, dia homba anareo anie Andriamanitra!

Ankehitriny mino aho,

Marina izany, apetraho amin'ny olona iray eo akaikinareo ny tànanareo.

Ankehitriny mino aho,
Ny zavatra rehetra (Tsy mampaninona izay tsy mety, ny zavatra rehetra azo atao.) dia azo atao. . . (Amin'ny Anaran'i Jesosy, tahio ireto.)
Ankehitriny mino aho, oh, ankehitriny. . . ("Ankehitriny dia tsy mivazivazy aho. Tsia, ity, manao aho ankehitriny.")
Ny zavatra rehetra azo atao, oh, ankehitriny mino aho.

231 Ankehitriny izay rehetra mino an'izany, dia atsangano ny tànanareo tahaka an'*izao*, "Mino an'izany aho ankehitriny." Andriamanitra hitahy anareo.

Mandra-pihaonantsika! . . . mihaona!
Mandra-pihaonantsika eo an-tongotr'i Jesosy; mandra-pihaonantsika!
Mandra-pihaonantsika; mandra-pihaonantsika!
Homba anareo anie Andriamanitra mandra-pihaonantsika indray!

Ankehitriny miaraka amin'ny lohantsika miondrika.

Mandra-pahatongantsika. . .

232 Enga anie Andriamanitra homba anareo, marina tokoa, hikapoka an'ireo onjam-pahafatesana mandrahona eo anoloanareo, hitondra anareo avy amin'ny fandresena mankany amin'ny fandresena. Indray andro any, enga anie hovaina ny vatantsika ka hatao tahaka ny Vatany Manokana be voninahitra, izay tsy hivavahantsika ho an'ny marary intsony. Mandra-pahatongan'izany, dia enga anie Andriamanitra homba anareo, mandra-pihaonantsika. [Misamonomonona Rahalahy Branham—Mpand.]

Mandra-pihaonantsika!
Homba anareo anie Andriamanitra mandra-pihaonantsika indray!

233 Ankehitriny dia ndao isika hanondrika ny lohantsika ho an'ny vavaka famaranana. Iza no hivavaka? [Hoy ny olona iray hoe, "Rahalahy Gibson. Rahalahy Gibson."—Mpand.] Rahalahy Gibson ankehitriny, raha mbola manondrika ny lohantsika isika.

64-0621 Ny Fitsarana
Municipal Auditorium
Topeka, Kansas U.S.A.

MALAGASY

©2024 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

## Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS

P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.

www.branham.org